


FIAINANA

 Jereo fotsiny ireo ankizy kely. Oadray, oadray! Ny vokatra ho an'ny ampitso. Fantatrareo, heveriko fa angamba vondron'ny tabernakla mahazatra fotsiny isika rehetra eto. Fa raha misy, sendrasendra, hisy olona iray eto, hoe izao no fotoan'izy ireo voalohany miaraka aminay, dia te-hiarahaba anareo marina tokoa izahay. Ary tianay ny hanao mazava hoe ahoana no anoloranay an'ireo ankizy ho an'ny Tompo.

² Hitanareo, ao amin'ny Baiboly, matetika isika dia manana olona amin'izao andro izao, izay misintona fehin-kevitra ny amin'ny hoe ahoana no tokony hanaovan'izy ireo an'ireo zavatra ireo. Fa izahay fotsiny, eto, dia miezaka ny hijanona tsara amin'ny fomba anaovan'ilay Teny tranainy voatahy an'ilay izy, ary avy eo, ary, tsy ho tranainy mihitsy, vaovao foana izany satria izany no fomba fanaovan'Andriamanitra zavatra.

³ Ankehitriny rehefa teto ny Mpamonjintsika finaritra, ny Tompo Jesosy, rehefa nitondra an'ireo ankizy kely teo Aminy izy ireo mba hanao an'ilay asa, na ny voninahitra izay tokony homena an'ireo ankizy kely, nahoana, dia Noraisiny teny antSandriny izy ireny ka nitso-drano azy ireo. Ary hoy Izy hoe, “Avelao ny ankizy kely hanatona Ahy, fa an'ny toa azy ny Fanjakan'ny Lanitra.”

⁴ Ary nitondra an'ireo ankizy kely izy ireo, ka nanolotra azy ireo. Amin'ny teny hafa, dia nomen'izy ireo Azy fotsiny izy ireo, ary nitso-drano azy ireo Izy. Ary ankehitriny isika no navela, amin'ny maha-ilay Fiangonana, hanohy ny asa izay Nataony fony Izy teto an-tany. Ary izany no ezahanay hatao.

⁵ Ary azo antoka fa manana andiana ankizy kely mahafatifaty isika izay miankina eo amin'ny tratran'ny dadan'izy ireo, izao maraina izao. Ary izao fotsiny. . . Ny zanaka kelin-dRahalahy Junior. Ary Junie, Junie hafa iray eto, ny zaza kelin'i Weber. Ary—ary ny zaza kelin-dRahalahy Stricker. . . Ndao jerentsika, mino aho fa ity anankiray ity dia zazavavy iray; zazavavy, ary zazalahy iray. Zazavavy roa sy zazalahy iray. Eny àry. Tsara izany. Ary ilay ankizy kely etsy, ianao ve nanana, sa niaraka taminao fotsiny izy. Tsara izany.

⁶ Eny, faly sy sambatra aho fa nitahy ny ankohonanareo ny Tompo tamin'ireto fanomezan'ireto famantaram-pitiavana kely ireto. Fantatrareo, rehefa tonga eo amin'ny toerana ilay izy izay—izay tsy itiavan'ireo vehivavy zanaka, intsony, dia tsy vehivavy intsony izy ireo, araka ny hevitra. Tiako ireo ankizy kely, ary—ary misy zavatra mikasika azy ireo.

⁷ Ny zanako kely iry aoriana iry, izy dia. . . Hoy i Meda hoe, “Antitra loatra ianao mba hanana an'izany.”

⁸ Hoy aho hoe, “Tsia, rehefa mandefa azy ireo Andriamanitra, dia ara-potoana fotsiny izy ireo.” Marina izany. Ara-potoana marina tokoa izy ireo. Ary noho izany dia fantatro ny dikan’izany, ao an-trano.

⁹ Ary olona tanora maro, hoy izy ireo hoe, “Eny, tsy afaka hanan-janaka izahay. Hiandry izahay mandra-pahazoanay any aoriana kely, sy ny sisa.” Rehefa mandefa azy ireo fotsiny Andriamanitra, dia raiso izy ireo, satria izy ireo no tady izay mamatotra ny fo sy ny tokantrano miaraka, ireo ankizy kely.

¹⁰ Ankehitriny, handeha hidina hiaraka amin’ireo loholona eto izahay, raha sitrakareo, ho an’ity ankizy kely eto ity, satria eo amin’ny ankavanany izy, manao azo antoka. . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

¹¹ Izaho sy ny vadiko, iry aoriana iry, nitady anao izahay tany Arizona, herinandro vitsy lasa izay, tany Parker, hatraiza hatraiza, niezaka ny hahita anao, nefa tsy afaka nanao an’izany. Ary miteny amiko izy ireo fa tany amin’ily faritra arovana ianao teo amin’ily ilany hafa an’ily renirano, nanohy, noho izany dia tsy nahita anao aho. Ary reko fa narary ny vadinao, ka niteny tamin-dRahalahy Hooper aho mba hiteny aminao hitondra azy eto mba ahafahanay hivavaka miaraka aminy. Hivavaka ho an’ny marary isika, izao fotsiny. . . raha tsy hoe izy fotsiny dia tena, tena marary ka te-hivavahana ankehitriny.

¹² Isika dia hanana la-laharana iray afaka kelikely fotsiny, vantany vao miresaka kely aho. Sa, nikasa mba hiresahako ve ianao, Rahalahy Neville? [Hoy Rahalahy Neville hoe, “Eny, tompoko.”—Mpand.]

¹³ Filazana anankiray izay tiako hatao izao maraina izao. Ary, avy eo, dia tsy hiresaka ela isika, ary avy eo angamba dia hamarana azy izao hariva izao. Nisy an’ity filazana ity, izay iriako. . . Raha misy olona iray mipetraka eto amin’ny fiaraha-monina, dia tokony hahazo antoka izy ireo hiteny amin’ireo mpiara-monina mikasika an’izany. Niantso ahy ireo mpiara-monina eto. Indrindra ny anankiray, tao amin’ny fiaraha-monina, no niantso ahy afak’omaly, ary izany dia mikasika an’ireo zazalahy milalao baolina eo amin’ily tany eto. Namaky varavarankely iray izy ireo, nanimba makarakara vy amin’ny varavarana, ary namotika zaridaina. Nilaza. . . Ireo ankizy kely, ireo mpiara-monina rehetra dia mahafantatra fa te-hilalao izy ireo. Azo antoka. Ankizy fotsiny izy ireo. Saingy natsipin’izy ireo tany amin’ny ilany ny baoliny ka—ka namotika ny zaridainan’izy ireo sy ny sisa. Ary heveriko fa misy zazalahy kely maro eto, ao amin’ny fiaraha-monina, izay tafiditra ao anatin’izany.

¹⁴ Ary izy ireo—tena tsara fanahy tamintsika izy ireo. Tsy nitaraina mihitsy izy ireo, ireo mpiara-monina, amin’ireo hariva. Ary manao tabataba kely isika eto, fantatrareo, tara amin’ny hariva, saingy tsy misy na inona na inona mikasika an’izany

mihitsy. Ary fantatrarero hoe ahoana no ahafahan'izy ireo; afaka mifamaly amintsika miaraka amin'izany izy ireo, raha tian'izy ireo. Ary mino ny filaminana amin'ireo mpiara-monintsika fotsiny isika, ary miaraka. . . “Miainà am-pilaminana miaraka amin'ny olona rehetra, arak'izay azo atao.” Ary, noho izany, dia tiantsika ny hanao an'izany.

¹⁵ Ary, ankehitriny, raha tsy nisy toerana hafa teto amin'ny tanàna, na taiza na taiza hilalaovan'ireo ankizy baolina, ho hitantsika raha tsy afaka hanorina fefy goavana be iray ho antsika isika, manodidina, mba tsy handehanan'ilay baolina ka hanelingelina sy hanorisory ny mpiara-monina amintsika. Fa, eto Ingramville eto mihitsy, eo mihitsy, manana kianja filalaoam-baolina iray ho an'ny daholobe izy ireo, ho an'ny ankizy rehetra, ary milalao toeram-pilalaoavana hilalaovan'izy ireo. Eo ambonin'ny Eighth mihitsy, eo amin'ilay toeram-pandevenana any, dia manana an'ilay toeram-pilalaoan'ny tanàna manontolo izy ireo any, mba hilalaoavana baolina ary na inona na inona irianareo holalaoaina.

¹⁶ Tsy nandray fanapahan-kevitra iray aho. Niantso an'izany tao amin'ny komitin'ny fiangonana aho, izao maraina izao, ary nanontany azy ireo hoe inona no tokony hataontsika, mba ahafahantsika hilamina miaraka amin'ireo mpiara-monina amintsika, sy hanana an'ireo sakaizantsika sy ny zavatra rehetra, ary hahazoan'ny olontsika. Ary nanapa-kevitra izy ireo fa ho zavatra tsara iray angamba ny tsy hamelantsika an'ireo zazalahy hilalao baolina intsony eo amin'ireo tany. Satria, izany dia ho. . .

¹⁷ Tsy hoe manelingelina antsika ny fanaovan'izy ireo an'izany; tsy manelingelina ny fiangonana, oadray, varavarankely kely iray, vaky indraindray. Fa isika dia tsy maintsy mieritreritra mikasika an'ireo mpiara-monina amintsika, ihany koa, fantatrarero. Tsy maintsy mieritreritra azy ireo isika. Ary te-hiaina tahaka ny Kristiana sy ramatoa mihaja isika. Ary isika fotsiny. . . Izy ireo dia handeha. . .

¹⁸ Niteny tamin'izy ireo aho, ny fomba tokana azon'izy ireo hatao, hametraka takelaka kely iray izahay, mba tsy hilalaovan'ireo zazalahy baolina eo. Ary izy ireo. . . izahay. . .

¹⁹ Ankehitriny, raha misy aminareo mpiara-monina eto, ka milalao eto amin'ilay tany eto ny ankizinareo, dia azoko antoka fa mahazo ianareo, hitanareo, hoe tsy mila an'ireo telefonintsika sy ny sisa isika, ary ny polisy eto, na zavatra hafa, mikasika famakiana varavarankely, jiro sy ny sisa.

²⁰ Ary ianareo zazalahy kely ireo, raha eto ireo zazalahy kelinareo, ary ireo zazavavy kely, milalao baolina, ka hitan'izy ireo ilay takelaka eo, aza. . . “Aza milalao baolina.” Eny, ankehitriny, tsy fanahy iniantsika ny ho henjana amin'ireo

ankizy; fa tiantsika ny ho mendrika amin'ireo mpiara-monina amintsika. Ny olona rehetra dia hahazo an'izany, azoko antoka.

²¹ Ary tsy te-handray an'izany fanapahan-kevitra izany samirery aho. Nangataka ny komity aho ho tonga izao maraina izao, ary nanontany azy ireo. Ary izany no fanapahan-kevitr'izy ireo, ihany koa, mihevitra fa isika dia tokony hiaina ampilaminana miaraka amin'ireo—ireo sakaizantsika.

²² Ary ankehitriny dia manana toerana filalaovam-baolina iray izy ireo eto mihitsy, eo amin'ny vondron-trano roa eo fotsiny avy eo amin'izay misy antsika ankehitriny mihitsy, izany dia kianja goavana be iray, ary noho izany dia afaka milalao ny baolina rehetra izay tianareo ianareo.

²³ Ankehitriny, mandeha mandroso sy miverina eo ny olona, tsy midika izany hoe, mba tsy handehanan'izy ireo manerana na inona; ho mety tsara tanteraka izany.

²⁴ Ary indray andro any, dia manantena aho ny, raha sitraky ny Tompo, ka maharitra Jesosy, ny hanamboatra fa—fametrhana fiara ofisialy iray ho an'ny fiangonana eo, raha tsy manorina fiangonana iray goavana kokoa isika, ka manangana. Ary raha indray andro any ny...Nahoana, hiverina, mba ho goavana izany, hanana asa iray eto, nahoana, izaho sy Rahalahy Neville dia samy afaka ny ho ao anatin'izany, sy ny sisa. Isika dia hanorina ny...Hampiasa an'io tany io fotsiny ho an'ny fiangonana goavana iray, ary hametraka fiangonana goavana be iray eto, ka hametraka azy tahaka an'izany. Noho izany, izahay—nividy an'izany izahay raha mbola afaka nividy.

²⁵ [Miresaka amin-dRahalahy Branham i Rahalahy Roy Slaughter, manolotra ny kamiao keliny hitaterana vato—Mpand.] Misaotra anao, Rahalahy Roy, tena mahafinaritra tokoa izany, raha izany, raha afaka mandray fanapahan-kevitra iray amin'ny fanaovana an'izany izy ireo, raha manao an'izany ho tany iray fametrhana fiara izy ireo, dia izany mihitsy ilay zavatra hatao. Tena mahafinaritra tokoa izany. [Miresaka indray Rahalahy Slaughter.] Hia. Hia. Hia.

²⁶ Hanakana antsika tsy hametraka fiara izy ireo...Isika dia manana, efa, eo amin'ny ilany iray amin'ilay làlambe eo, noho izany isika dia—isika dia tsy maintsy hanao fa—fanomanana vitsivitsy. Ary marina tokoa, ity toerana ity, ity tany fametrhana fiara eto ity mihitsy, an'ny tanàna izany. Marina izany. Ny antsika...Manana toerana bitika kely iray fotsiny isika eo, tsy lavitra tahaka an'izao, mandra-pahatongantsika eo amin'ilay làlambe eo. Ilay làlambe dia mandalo marina tokoa eo amin'ny tranon'i Brakeman eo, ary midina avy hatrany ka mihaona ao, izany ilay fihodinana, satria kamory iray ity, ary, taona maro lasa izay, rehefa nameno azy izy ireo. Ary rehefa nodinihina ny tanintsika, dia eo amin'ilay ilan'ny sisin-dàlana mihitsy isika, eto mihitsy, hitanareo. Noho izany, dia tsy

mifanatrika amin'ny arabe isika. Ny fandeferan'ny tanàna eo fotsiny izany ankehitriny. Ary noho izany dia ity no ho antsika, amin'ity làlana ity.

²⁷ Koa, noho izany, dia eo anelanelany aho, elanelany, sy ny sisa. Ary izaho, oh, izaho fotsiny dia—dia—dia rivotra iray miankandrefana, mino aho fa izany no iantsoan'izy ireo azy, na zavatra iray. Izaho—tsy afaka mandamina na inona na inona aho. Ary, fa, mety hiresaka amiko ny Tompo indray andro any mba ho tonga eto ka hanorina fotsiny eto, tabernakla goavana be iray, ary hamela ny olona avy any amin'ireo ampahany samihafa ho tonga. Raha izany no izy, dia hilaintsika izany. Noho izany, hitanareo, tsy tiantsika ny hivarotra azy na handrava azy. Raha manao isika, dia hofenointsika izy, ary hampakatra azy eto, sy hametraka ny fiangonana avo, ary tohatra hiakarana eo aminy, sy ny zavatra rehetra. Ary izany no hikarakara ny toe-javatra manontolo, hitanareo. Ary—ary azoko antoka fa ny Tompo no hanomana ny cent tsirairay an'izany, rehefa vonona ny hanorina azy fotsiny isika. Eo amin'ny toerana iray dimampolo amby zato, roa hetsy dolara eo, ary manana an'ireo efitra fandefasam-peo antsika manokana sy ny zavatra hafa rehetra eto mihitsy, ary mandeha ireo fotoana, isan'andro. Noho izany, tsy fantatsika izay hataon'ny Tompontsika. Mivavaka fotsiny eo amin'ireo zavatra ireo isika, ary ny fitoriana filazantsara sy ny sisa.

²⁸ Ary matetika dia milaza amin'ny Tompo aho hoe, “Eny, manana an'i Oral Roberts sy Rahalahy Allen Ianao. Ary manana an'i Billy Graham sy izy rehetra ireo Ianao any. Inona no soa ataoko na ahoana na ahoana?” Fa izao fotsiny. . .

²⁹ Tsy maintsy manao an'izay Teneniny amiko mba hatao fotsiny aho, hitanareo. Noho izany, dia somary mijanona mangina fotsiny aho mikasika an'izany. Ankehitriny, ny olona rehetra dia hahazo an'izany, azoko antoka. Ary ny Tompo hitahy anareo.

³⁰ Ankehitriny, ndao jerentsika. Tara kely fotsiny izao, noho izany dia hametraka sekoly Alahady fotsiny isika, angamba, ary mitory, miaraka, Rahalahy Neville? [Hoy Rahalahy Neville hoe, “Eny.”—Mpand.]

³¹ Ary isika dia faly mandre mikasika ny zazakeliny, ihany koa, sa tsy izany? Oadray, tena mahafinaritra! Ary hono ho'aho mpaminanivavy iray ilay izy. [Hoy Rahalahy Neville hoe, “Raha zavatra iray izany.”—Mpand.] Eny àry. Eny, isika dia—faly isika ny amin'ireto mpaminanivavy kely ireto, hitanareo, sy ny zavatra rehetra. Misaotra ny Tompo fotsiny aho ny amin'izy ireo.

³² Fantatrareo, mitombo ireo vehivavy ato amin'ny firenena, na izany aza, fantatrareo. Izany no eritreretintsika, hitanareo. Heveriko fa izany dia—izany dia eo amin'ny telo ka hatramin'ny dimy eo. Telo. . . Amin'ny ankizy dimy izay teraka, ny telo

amin'izy ireo dia zazavavy. Ary ireo vehivavy dia lasa goavana kokoa; ireo lehilahy dia lasa miha-kely kokoa.

³³ Ireo vehivavy no manapaka. Mazava ho azy, ny firehana sy faminanian'ilay andro fotsiny izany, hoe ity firenena ity dia firenem-behivavy. Ho tantanan'ny vehivavy iray izy. Ary tsarovy, telo-...1933, nahita an'izany tonga tao amin'ny fahitana iray aho, vehivavy mahery malaza iray no hifehy ny firenena manontolo, indray andro any, marina tokoa izany, alohan'ny andro farany, alohan'ny fandranganana manontolo.

³⁴ Ireo fiara, amin'izany andro izany, dia ho voamboatra tahaka ny atody iray, tahaka an'izany hatrany aoriana, amin'io endrika eo io. Ary ho fehezin'ny karazana hery iray izany, ka tsy voatery hampiasa an'ilay familiana akory aza izy ireo, indraindray. [Manapoapoaka ny rantsan-tàny Rahalahy Branham—Mpand.] Manitsy azy fotsiny, dia manohiza tahaka an'izany. Hitanareo, alohan'ilay fandranganana! Ankehitriny, tsarovinareo, izany dia, ankehitriny, eo amin'ny fandraisam-peo izany. Hitanareo?

Ary ireo vehivavy no hanapaka. Ireo vehivavy no hanapaka.

³⁵ Ary—ary ny foto-pampianaran'ny fiangonana Katolika, izay nolazaiko foana fa hanapaka an'i Etazonia, dia efa saiky eo mihitsy izany izao ankehitriny izao. Hitanareo? Fivavahana amin'ny vehivavy iray, Maria, izay andriamanibavy iray, ary izay mifanohitra amin'ny Baiboly. Ary ny manao fanelanelanana ho an'ny maty, izay mifanohitra amin'ny Baiboly. Ary ireo zavatra rehetra eto ireo, dia mandroso avy hatrany fotsiny.

³⁶ Ary matetika aho dia mieritreritra, amin'ny fahafantarana an'ireo zavatra ireo, hoe tokony hanana toerana iray aho izay ahafahako mandamina sy manomboka mampianatra, fantatrareo, ary izao fotsiny—mihazona an'ilay izy handeha fotsiny, tahaka an'izany. Ary ankehitriny, ao amin'ireo fiangonana ankehitriny, dia tsy afaka handeha afa-tsy ora vitsy fotsiny aho ka hivavaka ho an'ny marary, ary lasa; ary misintona fotsiny, mivavaka ho an'ny marary fotsiny. Ary misy betsaka ankoatry ny fivavahana ho an'ny marary, ao amin'ny Baiboly, fantatrareo. Hia. Zavatra betsaka mba—mba hatao.

³⁷ Tiako ny hanao tatitra an'ilay fivoriana tany Canada, iray amin'ireo fivoriana tsara indrindra izay hany nanananay tany amin'ny kaontinantan'i Amerika Avaratra. Izaho tsy mbola mihitsy, teo amin'ny fiainako, (Atoa. Mercier no hanoratra an'izany, sy izy ireo), nahita zavatra nitranga tahaka ny nitrangany tao amin'ilay fivorian'i Canada. Ary, mazava ho azy, nandà ahy ankitsirano ny vahoaka Pentekotista. Ny zavatra rehetra izay nisy dia Batista sy Anglikana, sy ny sisa. Hatraiza hatraiza, dia nandà ahy ny Pentekotista, satria tsy hanaiky aho ho “ny porofo” an'ny Fanahy Masina, toy ny rà mivoaka avy eo amin'ny tãnanareo, sy diloilo mikoriana avy eo

amin'ny tãnanareo, sy ireo zavatra tahaka an'izany, sy mahita avana, ary ireo zavatra rehetra ireo. Ny fahatsapana dia tsy mifandray amin'ny famonjena, mihitsy. Tonga am-panajana amin'ny finoana isika. Mino an'Andriamanitra isika, ary—ary izay ilay izy. Hitanareo? Koa, noho izany, dia nanoratra taratasy izy ireo, mialoha, nankany Canada, ary nisintaka mora fotsiny tahaka an'izany ny Pentekotista, fa tsy te-hanana fiaraha-miasa na inona na inona hatao tao amin'ilay fivoriana, satria tsy hanaiky an'izany aho. Ary noho izany aho dia mbola . . .

³⁸ Tsy mampaninona na iza no manaiky an'izany, na inona no manao an'izany, mijanona miaraka amin'ilay Baiboly tranainy voatahy aho. Amena. Ity no Tenin'Andriamanitra. Ary raha tsy maintsy hijoro irery isika, dia hijoro irery, hanorina fiangonana iray. Marina izany.

³⁹ Ankehitriny, alohan'ny hanatonantsika Ny—Ny Teniny, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika fotsiny ho an'ny fotoambavaka iray.

⁴⁰ Ray finaritra, mankasitraka Anao tokoa izahay ny amin'ity fotoan'ny fiombonana miaraka manodidina ny Teny ity, ary ireto tenin'Andriamanitra masina ireto. Ary enga anie, raha mandray anjara amin'Izy ireo izahay, amin'ny famakiana sy ny fihainoana, dia enga anie ny Fanahy Masina hanindrimandry Azy ireo eo amin'ny fonay, ka, rehefa miala izahay androany, dia hilaza tahaka an'ireo avy tany Emaosy hoe, “Tsara ho antsika ny tonga teto. Nangorakoraka tao anatintsika ny fontsika, satria niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana.” Mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

⁴¹ Ankehitriny, nifantina aho, androany, raha izany no sitrapon'Andriamanitra, ny lohahevitro dia hita ao—ao . . . ao amin'ny Bokin'ny Salamo, 63.

O Andriamanitra, ianao no Andriamanitro; vao maraina no hitadiavako anao: ny fanahiko mangetaheta anao, ny nofoko maniry anao eto amin'ny tany maina sy karakaina, izay tsy misy rano;

⁴² Henoy fotsiny ilay mpanao salamo!

Hahita ny herinao sy ny voninahitrao, tahaka ny nahitako anao tao amin'ny toera-masinao.

Satria ny famindramponao dia tsara kokoa noho ny fiainana, hidera anao ny molotro.

Noho izany dia hisaotra anao aho raha mbola velona: Hanandratra ny tãnako amin'ny anaranao aho.

Ny fanahiko dia ho afa-po amin'ny tsoka sy tavy; ary ny vavako hidera anao amin'ny molotra feno fifaliana:

⁴³ Ankehitriny dia enga anie ny Tompontsika hanampy ny Fitahiany amin'ity Teny ity. Ny lohahevitro izao maraina izao dia hita ao amin'ny *F-i a-i-n-a-n-a*, litera kely efatra.

⁴⁴ Ary araka ny notenenin'ilay mpanao salamo eto, Davida, Andriamanitra dia mifanaraka amin'ny olona foana araka ny fomba andehanan'ny sain'izy ireo mihitsy. Ankehitriny, nifanaraka tamin'i Davida Andriamanitra, tahaka ny ahi-maitso iray sy rano milamina, sy ny sisa. Ary Davida tany, rehefa avy nahita fiainana betsaka izy, ahoana fa nipetraka tao anatin'ny hazo Andriamanitra, ary ahoana fa nipetraka tao anatin'ireo voninkazo Izy, sy hoe ahoana fa Izy dia nipetraka tao amin'ilay—ilay renirano kely manonjanonja.

⁴⁵ Raha mba nisy olona nandeha teo akaikin'ny renirano kely iray izay misy an'ireo rian-drano kely, ka mandre an'io fanonjanonja tsy ankitsahatra io! Oh, afaka mandry eo aho ary mandeha matory, tena mora fotsiny. Tsy mbola naka pilina fampatoriana iray mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Efa nalaimpanahy hanao an'izany aho, matetika, tao amin'ireo fivoriko, rehefa nikorontana tanteraka aho, saingy Andriamanitra no nanampy ahy hatreto. Fa, teneniko aminareo, mino aho fa izany no ho tsaratsara kokoa noho ny pilina fampatoriana rehetra izay azon'izy ireo hananana ao amin'ny fivarotam-panafody iray. Mandry fotsiny eo amoron'ny renirano kely iray, manonjanonja, ary mivavaka vetivety, ka, “Ankehitriny dia mandry aho,” ary mandry eo fotsiny. Oh, misy zavatra iray mikasika an'izany izay mampitony. Toy ny ahoana no itiavako an'izany!

⁴⁶ Ary hoy Davida eto hoe, “Izaho fotsiny... Mangetaheta Anao fotsiny ny fanahiko!” Henoy fotsiny.

O Andriamanitra, ianao no Andriamanitro; vao maraina no hitadiavako anao: ny fanahiko mangetaheta anao, ny nofoko maniry anao amin'ny tany maina sy karakaina, izay tsy misy rano;

⁴⁷ Avy eo dia manohy izy milaza hoe:

Satria ny famindramponao dia tsara kokoa noho ny fiainana,...

⁴⁸ Ankehitriny, tsy misy na inona na inona, toy ny hoe, tsaratsara kokoa noho ny fiainana. Inona no azontsika tomanana izao maraina izao fa ho tsaratsara kokoa noho ny fiainana? Fa, hoy Davida hoe, “Ny Famindramponao dia tsaratsara kokoa, amiko, noho ny fiainana.” Ankehitriny, manontany isika, arak'izany, ny teny hoe fiainana dia tsy maintsy manana ny—ny—ny dikany mifangaro ho an'izany, tsy maintsy midika betsaka noho—noho—noho ny zavatra anankiray. Fiainana, izy tenany, dia midika hoe “fisiana iray.” Koa, noho izany, raha “Ny Famindramponao no tsaratsara kokoa noho ny fiainana,” amin'izay fotoana izay dia inona no mety ho tsaratsara kokoa? Satria, Andriamanitra irery ihany no manana Fiainana Mandrakizay. Andriamanitra irery ihany no manana Fiainana Mandrakizay. Raha afaka manao an'izany hahitsy isika ankehitriny, dia ho mora ho antsika ny hahita

an'ilay sary lehibe izay apetrak'Andriamanitra eo anoloantsika, ahoana fa, indray andro any, dia hanjavona sy ho levona ny zavatra rehetra izay tsy avy amin'Andriamanitra, ary handeha.

⁴⁹ Ankehitriny, ny zavatra rehetra izay nanana fiandohana iray dia manana fiafarana iray. Tsy misy na inona na inona izay nanomboka ka tsy manana fiafarana iray. Fa ny zavatra iray izay tsy nanana fiandohana no tsy manana fiafarana. Ary—ary Andriamanitra irery ihany no hany Tokana izay nanana ny “tsy nisy fiandohana mihitsy.” “Tsy nanana fiandohan'andro Izy, na fiafaran'ny taona.” Ary, noho izany, dia tsy maintsy lasa ampahan'Andriamanitra isika, amin'ny alàlan'ny fahaterahana, mba ho velona, manana fisiana Mandrakizay iray.

⁵⁰ Noho izany, ny fahotana sy ny fijaliana, ary ny zavatra rehetra, dia tsy maintsy tonga eo amin'ny toerana iray izay tsy ananany fisiana, satria nanana fiandohana iray izy. Nisy fotoana iray izay tsy nisy aretina, tsy nisy fahotana, tsy nisy alahelo, tsy nisy fahafatesana, ary avy eo dia tonga tamin'ny alàlan'ny famadihana iray izany. Noho izany, ny famadihana rehetra dia tsy maintsy mifarana. Ary izay rehetra nisy, nanana fiandohana, dia tsy maintsy mifarana, mba ahafahan'ny Mandrakizay hany hisy. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

⁵¹ Izany no antony hoe tsy azo atao tanteraka mihitsy ho an'ny olona rehetra ny mba ho voavonjy raha tsy amin'ny Fahateraham-baovao. Satria, ny olona dia nateraky ny Fanahin'Andriamanitra indray, ary lasa ampahan'Andriamanitra. Ny fisian'izy ireo dia Mandrakizay tahaka an'Andriamanitra Mandrakizay. “Tsy mety levona mihitsy izy ireo,” hoy Jesosy. “Tsy misy olona afaka handrombaka azy ireo amin'ny Tanako. Izy ireo dia avy amin'ny Ray, Masina.” Ary tsy misy olona afaka maka azy ireo na mahasaraka azy ireo, satria ampahan'Andriamanitra izy ireo.

⁵² Ankehitriny dia tsy misy iray amintsika mahay. Izaho dia—izaho dia tena, tena olona iray mahantra ara-pianarana. Fa, matetika rehefa mihaona amin'ireo teny tahaka an'izany aho, dia mikaroka an'izany, mba habita, mandray an'io teny anankiray io fotsiny. Manana sakaiza sy mpampianatra Baiboly aho izay afaka mandray ny teny Grika, na ny Hebreo, ka mitondra an'izany fotsiny na aiza na aiza nanerana ny Soratra. Fa tsy maintsy mandray azy teny amin'ny teny fotsiny aho, ary mikaroka azy.

⁵³ Ary hitako, fa, rehefa hoy Izy hoe, “Izaho manome azy ireo Fiainana Mandrakizay,” dia avy amin'ny teny, teny Grika, Zoe, Z-o-e. Ary Zoe dia Andriamanitra, “Fiainana” an'Andriamanitra Manokana. Ary noho izany, azo antoka tahaka antsika mpandray anjara amin'ny Zoe, dia misy Mandrakizay isika tahaka an'Andriamanitra misy Mandrakizay. Noho izany,

amin'ny alàlan'ny fandraisana anjara amin'Andriamanitra, dia lasa voatahy Mandrakizay sy voavonjy isika, mandrakizay sy mandrakizay, tsy misy fiafarana, tsy misy fiandohana. Lasa ampahan'Andriamanitra isika. Raha mahamarika ianareo, fa ity fiandohana lehibe ity, raiso . . .

⁵⁴ Nametraka an'ilay fanontaniana ny olona iray hoe, "Iza io Jehovah lehibe io? Taiza Izy no nanomboka?" Tsy nanana fiandohana Izy. Andriamanitra mandrakizay Izy. Ary Izy dia . . .

⁵⁵ Ankehitriny, ilay teny hoe *mandrakizay* dia midika fotsiny hoe "elanelam-potoana iray." Fa, ny Mandrakizay dia midika hoe "mandrakizay." Fa, *mandrakizay*, ny teny hoe *mandrakizay* amin'ny teny Hebreo, dia midika hoe "elanelana, fotoana voatsinjara," satria maro izany, "mandrakizay sy mandrakizay." Hitanareo ve? Midika mandrakizay anankiroa izany. Hitanareo?

⁵⁶ Fa, ao amin'ny Mandrakizay, dia anankiray, feno. Ny Mandrakizay dia fa—faribolana iray izay tsy manana fiafarana. Tsy nanana fiandohana iray mihitsy izy ary tsy hanana fiafarana iray mihitsy.

⁵⁷ Ary ahoana fa, eto amin'izao tontolo izao, dia fantatsika fa misy tena fanahin'ny fitiavana iray, marina. Misy ny tena fanahin'ny fahatokiana iray, marina. Misy ny tena fanahin'ny fahitsim-po iray, marina. Firy no mahafantatra an'izany? Fantatsika izany. Hitantsika izany. Eny, Andriamanitra izany, ilay—ilay tena loharano.

⁵⁸ Ndao isika hanakimpy ny masontsika, amin'ireo fisainantsika, mandritry ny fotoana fohy, ka hiverina any amin'ny . . . talohan'ny nisian'ny zavatra iray.

⁵⁹ Ilay loharano lehibe an'ny Mandrakizay rehetra dia io Fanahin'ny fitiavana io, fifaliana, io Fanahin'ny fahitsim-po io, io Fanahin'ny fahamarinana io, ao amin'ity fahatanterahana ity. Ary avy eo, avy tamin'ny fisian'ny Ray, no nivoaka ilay Logos, izay ny Zanaka, izay Teofania iray, izay ny Vatan'ilay Jehovah Andriamanitra lehibe, nivoaka tao amin'ny Vatan-danitra iray. Izany ilay Logos. Niteny avy tao amin'ireo loharanon'ny Fiainana lehibe ny Teny, ary nivoaka. Ary teo ilay—ilay Teofania, izay Andriamanitra lasa Teny.

⁶⁰ Avy eo dia tonga nofo io Teofania io, tao amin'i Kristy Jesosy olona. Ary avy eo dia nonina tao Aminy ny fahafenoan'ny trinite rehetra, dia ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, ny rehetra tao anatin'izany.

⁶¹ Ary izany no tena fomba andehanantsika, miverina avy hatrany any amin'ilay fiandohana tany am-boalohany, an'Andriamanitra. Eo isika no nateraka indray, tsy avy tamin'ny nofo; nateraka indray, tsy avy tamin'ny rà; fa nateraky ny Fanahy indray. Ary ao amin'io Fanahy Mandrakizain'ny fitiavana sy fahitsim-po io, dia midina mba hanao ny Toerany ao anatintsika.

62 Ary avy eo rehefa maty isika, avy amin'ity fiainana ity, dia miditra ao amin'ilay vatana isika. “Fa, raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia manana teofania iray hidirana isika, vatan-danitra iray.”

63 Noho izany, amin'ny Fihavian'ny Tompo Jesosy, dia alaina avy eto an-tany indray ity vatana ity, ary natao ao amin'ny toerana nomem-boninahitra iray, mba hiaina ao amin'Ny Fanatrehany mandrakizay.

64 Avy eo, ny famadihana rehetra, ireo zavatra rehetra izay tao anatin'ilay famadihana, ny rehetra dia any ivelan'ny fisiana. Mandeha mankany amin'ny fanasaziana azy ny nofo. Manokatra ny vavany ny helo ary mitelina ny ratsy rehetra sy ny famadihana. Ary Andriamanitra sy Ny Fiangonany malala, Ny Ampakariny, dia maka ny toerany mba hitohizan'ireo Mandrakizay. Izany no fanantenana lehibe an'ilay Fiangonana Kristiana.

65 Ary niantsoantso i Davida hoe, “O ny Famindramponao dia tsara kokoa amiko noho ny fiainana.”

66 Ankehitriny, ny fiainana, ny tsirairay dia te-hieritreritra ny fiainana. Ary ny fiainana, ny teny hoe *fiainana*, dia efa nanana endrika voavadika an'izany, satria ny fiainana izy tenany aza dia manana endrika voavadika. Ary matetika, ny olona dia te-hanondro ny fiainana toy ny hoe manana fotoana goavana iray, misotro, mihaniany, ary mivoaka. Hoy izy ireo hoe, “Izao no fiainana.” Diso toy ny ahoana izy ireo. Fahafatesana izany. Hitanareo? Tsy fiainana izany. Fahafatesana izany.

67 Herinandro vitsy lasa izay, tao amin'ny hotely lehibe iray, malaza tany—tany Canada izay nametrahan'izy ireo ahy, nandeha tao amin'ny efitro aho, taorian'ny fivoriako, ary nisy an'ireo ramatoa tanora teo, angamba tao amin'ny fiafaran'ny adolantsentony, valo ambin'ny folo, sivy ambin'ny folo, angamba hatrany amin'ny telo amby roapolo, any ho any, telo na efatra tamin'izy ireo no nihazakazaka nandroso sy niverina teo amin'ny gorodona, nanao an'ireo atin'akanjony fotsiny, ary miaraka amin'ireo tavoahangy eny an-tànany, mihazakazaka avy eo amin'ny efitra iray mankany amin'ilay hafa, vehivavy maha-te-ho tia, tanora.

68 Raha nivoaka avy tao amin'ilay tohatra mihodina aho, dia nitsangana ary nijery. Oh, nisy Zavatra tato anatiko! Nieritreritra aho hoe, “O Andriamanitra, mba ho tonga eo amin'izao ve i Rebekah sy Sarah keliko?”

69 Dia nojereko izy ireo. Nivembena nanerana ny gorodona izy ireo. Niditra fotsiny aho, teo amin'ny ilany iray, ary nandalo izy ireo ka nivoaka, nandeha tamin'ilay lâlana hafa, nisotro. Nijanona aho, teo amin'ilay lâlantsara, nijery ambany indray, nahita an'ireo ramatoa kely maha-te-ho tia izay mety ho

tena malala an'ny lehilahy iray angamba. Ary nandre ny iray tamin'izy ireo aho nanao hoe, “Hoopy! Izao no fiainana!”

Nieritreritra aho hoe, “Diso toy ny ahoana izany! Fahafatesana izany.”

⁷⁰ Satria, hoy ny Baiboly hoe, “Izay miaina amin'ny fahafinaretana dia maty fahavelona.” Koa noho izany dia hitantsika, izany fiainana izany, izay antsointsika hoe fiainana . . .

⁷¹ Ary mahita an'ireo famantarana isika amin'izao andro izao, tahaka an'izao, “Eo amin'izay misy an'i Budweiser, no misy ny fiainana.” Navadika toy ny ahoana izany! Eo amin'izay misy an'i Budweiser, dia fahafatesana izany.

⁷² Ary isika dia mahita an'ireo famantarana tahaka an'izao, ihany koa, “Ny fiainana dia manomboka rehefa milentika ny masoandro.” Tsia. Ny fahafatesana dia manomboka rehefa milentika ny masoandro. Lasa mpivezivezy amin'ny alina ny olona. Mivezivezy amin'ny alina izy ireo. Ary raha mahamarika ianareo, dia mandray ny natioran'ny ratsy izy ireo. Ny ratsy dia mivezivezy amin'ny alina foana.

⁷³ Ary namaky lahatsoratra tao amin'ny magazina iray aho, indray mandeha rehefa tao anaty fiaramanidina iray aho. Mikasika an'i Hollywood ilay izy. Ary izao no voalaza, hoe, “Manomboka aorian'ny misasakalina ny fiainana. Tokony hidina eny amin'ireo lalambe sasany sy ireo zavatra sasany ianareo.” Ary nanana ny sarin'ireo fampisehoana fialam-boly izany, sy ny sisa, izay miseho.

Dia hoy aho hoe, “Navadika toy ny ahoana izany!”

⁷⁴ Hitanareo, raha manana fanjakana iray i Satana, dia tsy maintsy manana toe-karena sandoka iray izy. Tsy maintsy manana zavatra izay azony atolotra azy ireo izy, mba hanao azy ireo hihevitra fa velona izy ireo. Saingy eo amin'ilay lafiny mifamadika tanteraka izany. Fahafatesana izany, ao amin'ny endrika fiainana. Hitanareo? Famadihana iray avy amin'ny tena fiainana izany.

⁷⁵ Satria, ndao halamintsika ao an-tsaintsika izany ankehitriny, indray mandeha ary mandrakizay. Fomba tokana ihany no hananana aina. Marina izany. “Ary ny mahafantatra Azy no Fiainana.” Izany ihany no fomba tokana ahafahantsika hanana Fiainana, ary tsy misy fomba hafa, satria Andriamanitra dia nampanantena Fiainana fotsiny ihany amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Ary ilay Jehovah lehibe, tsy nanana fiandohana na tsy nanana fiafarana, tsy nanana—tsy nanana fiandohan'andro na fiafaran'ny taona, no nanome antsika Fiainana tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, ary Izy irery ihany.

⁷⁶ Tsy hoe mahafantatra Azy ho olona tsara iray fotsiny; tsy hoe manompo Azy fotsiny arak'izay haha-izy Azy, a—a—

andriamanitra iray, satria Izy no ilay Andriamanitra. Fa, ny zavatra hatao dia ny mahafantatra Azy. Izay ilay izy. Tsy hoe manompo Azy, fa, “Ny mahafantatra Azy no fiainana.” Nanompo Azy ireo devoly. Izany tokoa. Ny lohalika rehetra handohalika eo Aminy.

⁷⁷ Fa, “ny mahafantatra Azy,” amin’ny famelàna ny fahotanareo, sy ny fanavaozana ny fiainanareo, tamin’ny alàlan’Ny Fanahiny, io loharano lehibe an’ny loharanon’ny fahatsaram-panahy rehetra mitoetra ao anatinareo io. Andriamanitra manao anareo hitondra an’ireo vokatry ny fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahamoram-panahy, fahalemam-panahy, faharetana, finoana, ary ireo toetra lehibe rehetra ireo izay avy amin’Andriamanitra irery. Izany no fomba tokana hahazoana Fiainana.

Noho izany, ny teny hoe *fiainana* dia diso fandika tamintsika.

⁷⁸ Ankehitriny, isika, izay antsointsika hoe fiainana, dia olona iray hahazo fiara vaovao, na handeha eny an-dàlana izy ireo, ary izy ireo fotsiny dia *hirimorimo*, angamba, miaraka amin’ny fisotro iray ao anatin’izy ireo, ary ny sandriny manodidina ny zazavavy iray, ary hoy ny lehilahy tanora iray hoe, “Izao no fiainana!” Ary ilay ramatoa tanora, miaraka amin’ny sakaizany lahy voafidy, sy maka fisotro iray na roa izy, ka hilaza izy hoe, “Izao no fiainana!”

⁷⁹ Na, angamba ilay lehilahy izay nila vola betsaka foana, ary, tampoka teo, dia lasa mpandova vola betsaka izy. Hanorina trano goavana iray izy. Hahazo an’ily fiara tsara indrindra izy. Hikiakiaka izy hoe, “Izao no fiainana!”

⁸⁰ Ilay vehivavy kely mpanasa lamba mampalahelo miaraka amin’ireo zazakeliny. Hanao dia iray mankany Hollywood izy, ary ho lasa “mpanjakavavy mandritry ny andro iray,” eo amin’ny fandaharana iray, na ny sasany amin’ireo zavatra ireo, na hahazo ampahana fananana sasantsasany. Hampientanentana azy izany, amin’ny toerana iray hany ka hilaza izy hoe, “Izao no fiainana!”

⁸¹ Fa voavadika toy ny ahoana ilay izy! Fahafatesana izany. Ary ho levona ireo izay manana an’izany. Ary mahamarika isika, amin’izao andro izao . . .

⁸² Ankehitriny mety ho fanao fahiny kely fotsiny aho amin’ireo zavatra ireo, ka somary hentitra ary mamely mafy, saingy ilay izy dia mba marina tokoa . . . Ny tanjon’izany, dia ny haneho hevitra iray.

⁸³ Ankehitriny, maro, amin’izao andro izao, mijery fandaharana izy ireo. Mihaino diska izy ireo. Miditra ao amin’ireo trano fisakafoana kely izy ireo, ary zara ianareo raha afaka mihinana noho ireo—ireo diska lehibe izay alefan’izy ireo, an’io rock-and-roll sy—sy ilay boogie-woogie io, ary ireny diska raitra rehetra, adaladala, noforonin’ny devoly,

voatsindrimandrin'ny demony ireny. Ary, oh, manontany aho hoe ho inona ilay fiafarana farany rehefa hitan'izy ireo fa tsy mifandray amin'io Anankiray Mandrakizay io izany!

⁸⁴ Heveriko, amin'izany andro izany rehefa mandà tsy hamiratra ny masoandro, ary mipetraka tsara ny fotoana rehetra ka mitsonika ao anatin'ny Mandrakizay, dia hihevitra aho fa ho taitra tanteraka i Elvis Presley, amin'io maraina io. Tena azo antoka. Eny. Ho zava-misy iray ny firaketany, rehefa mandre an'ilay fidradradradran'ireo fanahy an-tapitrisany izay nalefany tany amin'ny helo izy. Ireo volafotsy madinika telopolo an'ny famadihan'i Jodasy mikorintsana eo ambonin'ilay lovia, dia ho fahafinaretana iray, eo anilan'ilay fotoana voaozona an'i Elvis Presley, amin'io maraina io. Satria, nanao an'izany i Jodasy satria izany dia mba hanatanteraka Soratra iray, mba hanavotra ny olona. Fa Elvis Presley dia namadika an'ilay zavatra marina, fony izy Kristiana iray, ka nivaroitra ny fizokiany tamin'ny fanahy iray tapitrisa tao amin'ny helo.

⁸⁵ Mieritreritra aho, Arthur Godfrey, miaraka amin'ireo Godfrey keliny rehetra, dia ho any amin'io maraina io, ihany koa, miaraka amin'ireo mavo volony, mainty volony, ary mena volony. Ary hila mihoatra noho ny “arahaba ry Maria” ny hany hanadiovana ny fanahiny maloto sy ny fieritreretany, eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Rehefa tsapany, fa, ireo sangisangy maloto sy vazivazy, ary ireo zavatra izay nitarihany an'ireo antapitrisany tany amin'ny helo, tamin'ny alàlan'izany.

⁸⁶ Nefa izy ireo dia miantso an'izany hoe, “Fiainana.” Nahoana, fahafatesana izany, nefa tsy fantatr'izy ireo izany.

⁸⁷ Mariho ankehitriny, ao amin'ity, ity zavatra izay antsoinareo hoe “fiainana” ity, lasa tena ratsy hany ka, matetika, dia manala ny ainy ny olona. Noho izany, tsy mety ho ilay Fiainana izay resahan'Andriamanitra izany, satria tsy afaka manala ny Ain'Andriamanitra ianareo, ary tsy afaka manome ny Ain'Andriamanitra koa. Izany dia mipetraka nohon'ny fahasoavana masi-mandidy eo an-tànan'Andriamanitra irery ihany. Fa ity zavatra kely mety maty, simba izay iainanareo ity, antsoina hoe fiainana, afaka manala an'izany ianareo rehefa tena naniry. Saingy, maneho ianareo fa tsy izany no Fiainana! Lasa mahatsiravina toy ny ahoana ilay izy!

⁸⁸ Ity antsointsika hoe fiainana ankehitriny ity, dia aloka iray fotsiny na negatifa iray. Tiantsika rehetra ny hifaly, saingy afaka mifaly eo amin'ilay zavatra marina isika. Izany no maneho fa mifandray amin'ilay tena zavatra isika, rehefa mifaly amin'ilay zavatra marina. Fa rehefa mifaly amin'ilay zavatra ratsy isika, dia izany no maneho fa mifandray amin'ilay zavatra ratsy isika. Noho izany, ny fiainantsika dia afaka miteny izao ankehitriny izao an'izay maha-izy antsika, hoe làlana aiza no andehanan'ireo fientanam-pontsika. Hitanareo ve? Isika dia . . .

⁸⁹ Raha mifaly amin'izao tontolo izao sy ireo zavatra ratsy isika, ny saintsika sy ny fanahintsika dia voatsindrimandry avy eto ambany. Boogie-woogie, dihy, ratram-po, fisotroana, ireo zavatra hafa rehetra izay arahintsika ireo, avy eto ambany izany.

⁹⁰ Fa raha mifaly ao amin'ny Fanahy isika, hoe manana Fiainana Mandrakizay, ary manandratra an'ireo fientanam-pontsika amin'Andriamanitra isika ka midera Azy, amin'izay fotoana izay dia manana fifaliana isika. Amin'izay fotoana izay dia manana fifaliana isika. Hoy Jesosy hoe, "Izaho. . . mba ho tanteraka ny fifalianareo." Fa, tsy feno fiainana voavadika, fa feno Fiainana Mandrakizay, any Ambony. Noho izany, dia afaka mahita ianareo, miankina amin'izay jerenareo ilay izy.

⁹¹ Ankehitriny ohatra fotsiny, ho an'ny ampahany psykolojia an'izany, ny fitsaboana saina; ankehitriny dia ndao isika hanamarika, vetivety fotsiny, ity fahitana ara-tsaina ity. *Ity* ny sarin'i Kristy, ary *ity* ny fikopahana elektrika iray. Izany dia miankina amin'ny hoe iza no jereko, hitanareo, raha mihetsika tahaka an'*ity* ireo fientanam-poko na mihetsika tahaka an'*itsy* ireo fientanam-poko. Raha mijery an'*itsy* aho, ka maniry fatratra an'izany ary maniry an'izany, dia mandeha mankany amin'ny fikopahana ireo fientanam-poko. Fa raha mijery mankany amin'*ity* aho, dia mipetraka tahaka an'izany ireo fientanam-poko sy ny faniriako.

⁹² Izany no antony nilazan'i Jesosy hoe, "Na iza na iza mijery vehivavy mba hitsiriritra azy, dia efa nijangajanga taminy sahady tao am-pony." Hitanareo? Eo amin'izay ipetrahan'ireo fientanam-ponareo, no misy ny fisainanareo.

⁹³ Ary amin'izay fotoana izay dia afaka mifaly isika, satria zanaky ny teny fikasana isika, eo amin'ilay Fianganon'Andriamanitra Mandrakizay lehibe, izay manana ny teny fikasan'i Kristy Manokana hoe, "Tsy mety diso Izany." Marina izany.

⁹⁴ Izao tontolo izao dia mihevitra fa adala isika. "Oh, *ity* no fiainana! Hoopy!"

⁹⁵ Izaho amin'ity andro ity dia tokony habita ramatoa tanora iray izay nandeha nankany amin'ny. . . Ary ny mpitsabo saina iray. . . Dimy amby telopolo taona izy, tsy nifoka mihitsy, tsy nisotro mihitsy, tamin'ny fiainany rehetra, zazavavy iray tena mahafinaritra, Kristiana ireo havany, dokotera iray ny rainy, ary izy dia. . . nanolotra ny fiainany ho an'i Kristy, tao amin'ny dingana voalohany. Ary inona no nataony? Mivoaka izy, ary farany izy dia tonga eo amin'ny toerana iray hankany amin'ny kolejy iray izay nampianarany. Ary mpitsabo saina iray teo, nipetraka izy mba hiresaka aminy, ka hoy izy hoe, "Ny tianao ho lazaina ve dia hoe tsy mbola nanoroka zazalahy iray mihitsy ianao?"

Hoy izy hoe, “Na indray mandeha aza, teo amin’ny fiainako rehetra.”

⁹⁶ “Ny tianao lazaina ve dia hoe tsy mbola nanana fisotroana kely iray mihitsy Ianao ary efa tao amin’ny fety iray?”

“Tsia mihitsy.”

Hoy izy, “Ry zazavavy, tsy fantatrao izay tsy anananao.”

⁹⁷ Ankehitriny, satria mpitsabo saina iray izy, dia nahodiny ny sain’ily zazavavy, hany ka lasa tena ratsy sy tena ratsy toetra izy ankehitriny, hany ka tsy te-handre ny Anaran’i Jesosy akory aza izy notenenina teo amin’ny—teo amin’ny fanatrehany. Ary na dia ny rainy sy ny reniny aza dia tsy afaka mahita azy, intsony. Ary veriny ny sainy, ka amin’ity herinandro manaraka ity dia handeha hankany amin’ny toeram-pitsaboana ho an’ny fitsaboana fanairana elektrika. Izany dia satria nanodina ny fisainany niala tamin’i Kristy izy, ho eo amin’izay nanetsehan’io mpitsabo saina io ny sainy.

⁹⁸ Ary ho an’izany no maha-eto antsika, izao maraina izao, dia ny manetsika ny sainareo sy ny fisainanareo hiala amin’ireo zavatr’izao tontolo izao, mankany amin’ireo zavatr’Andriamanitra, izay Mandrakizay. Ary ho an’izany ny fitoriana, dia ny hamadika an’ily fisainana ho any amin’ny ambony kokoa sy tsaratsara kokoa, ary ho eo amin’ny toerana izay misy an’i Kristy, mandra-pahatonganareo hiova fo. Amin’izay fotoana izay ny fisainanareo dia manakatra an’ireo zavatra izay any Ambony.

⁹⁹ Ankehitriny, fa ny fiainana ao amin’ity toerana hafa ity, no tonga eo amin’ily zazavavy, mihevitra izy ireo fa mety haka poizina izy amin’ny fotoana rehetra. Azo antoka, lasa tena mahatsiravina ny fiainana, io karazana fiainana io, hany ka mamono ny tenany izy ireo, maka poizina sy ny zavatra rehetra.

¹⁰⁰ Ankehitriny, fa, Andriamanitra, tao amin’ny Fananany lehibe ho an’ny taranak’olombelona, dia nanao ny olona tamin’ny fomba izay Tiany haha-izy ny olona. Ankehitriny, nanao ny olona hangetaheta Izy.

¹⁰¹ Efa voamarikareo ve i Davida eto? Hoy izy, “Mangetaheta Anao ny fanahiko.” Oh, tiako izany. “Tahaka ny ao amin’ny tany maina, izay tsy misy rano.” Eritrereto fotsiny. Hoy izy, “Tena mangetaheta ny fanahiko, Andriamanitra! Mangetaheta Anao aho, tahaka ahy tao amin’ny tany iray izay tsy nisy rano mihitsy.” Tsy maintsy mahita rano izy fa raha tsy izany dia levona. “Mangetaheta Anao ny fanahiko.”

¹⁰² Ankehitriny, nanao olona iray niaraka tamin’ny hetaheta iray Andriamanitra. Izany no ampahany iray an’ny olombelona, dia ny hetahetany. Fa, Andriamanitra no nanao ny hetaheta ao anatin’ny olona mba hangetaheta an’Andriamanitra. Ary ny devoly no namadika an’izany, ka nanao an’izany ho hetaheta iray

ho an'ny fanjakany, ho an'izao tontolo izao. Azonareo ve ilay izy? Ny hetaheta ao amin'ny olona dia masina, satria Andriamanitra no nanao ny olona hangetaheta, hangetaheta an'Andriamanitra.

¹⁰³ Ary ahoana no asahian'ny sasany aminareo, izay ho tena kely mba hiantsoantso... hiezaka hamono an'io zavatra voatahy an'ny hetaheta io, amin'ny fiezahana hahafa-po an'izany amin'ny fisotroana, sy fifohana, sy televiziona, sy fandehandehana sy hadalana, ary firobohana amin'ny fahafinaretana, miezaka ny hahafa-po an'ilay zavatra masina izay napetrak'Andriamanitra ao anatinareo mba hangetaheta Azy. Mandoto an'ilay loharano izay napetrak'Andriamanitra ao anatinareo ianareo, mba handray Ny Fanahiny, ary mandentika an'izany amin'ireo zavatr'izao tontolo izao ianareo. Ary tsy mahafa-po izy ireo. Tsy hahafa-po mihitsy izy ireo.

¹⁰⁴ Ary izany no antony ametrahanareo basy iray eo amin'ny ati-dohanareo, mba hanapoaka azy ireo, dia satria mandeha amin'ny lalana izay andehanany ireo zavatra ireo. Ary eo amin'ny famonoan-tena lehibe izao tontolo izao, eo amin'ny famadihana sy ny fanambadian'ny mitovy fananahana, ary ny heloka bevava dia eto amin'ny firenena arak'izay maha-izy azy, dia satria mamadika an'ilay tena zavatra izay nomen'Andriamanitra anareo mihitsy ianareo, ka miezaka ny hahafa-po an'izany amin'ny ratsin'izao tontolo izao.

¹⁰⁵ Mandray an'io Fanahy Masina voatahy io, izay nametrahan'Andriamanitra ny hetaheta ao amin'ny fanahinareo mba hiantsoana, nefa manome fahafaham-po an'izany amin'ny toeram-pandihizana iray amin'ny alina any ho any ianareo, tsy mahagaga raha manana aretin'an-doha ianareo ny ampitso maraina. Avy eo, dia halainareo ny—ny labiera iray kesika ka handeha any an-tranonareo, ary hipetraka ka hisotro an'izany, miezaka ny hahafa-po an'ilay hetaheta masina izay napetrak'Andriamanitra ao anatin'ny fanahinareo mba hangetaheta Azy. Ary mandray an'ilay rano maloton'ny devoly ka miezaka hahafa-po an'ilay—ilay hetaheta izay napetrak'Andriamanitra ao anatinareo, mba hangetaheta Azy, ahoana no ahafahanareo handray zavatra afa-tsy fisarahana Mandrakizay amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra Tsitoha! Nefa, nanao anareo hangetaheta Azy Izy!

¹⁰⁶ Ary nanolotra ny tenany i Davida, ka nanao hoe, “Mangetaheta ny fanahiko, toy ny hoe tao amin'ny tany maina iray izay tsy nisy rano aho. Mangetaheta Anao aho, O Andriamanitra.” Eo ianareo izao. Hoy i Davida hoe, “Nahita Anao tao amin'ny Toera-masinao aho, ary mangetaheta an'io Hery io ny fanahiko.” Eo ianareo izao. Izany ilay fahasamihafana. Izany no manao an'ireo zavatra ho hafa, dia ny hetaheta izay nomen'Andriamanitra anareo, raha mahafa-po an'izany amin'ny Rano ianareo.

¹⁰⁷ “Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay mangetaheta. Avia ka misotroa avy amin’ireo loharanon’Aina, maimaim-poana, tsy amim-bola, tsy amin-karena. Misy loharano iray misokatra ao an-Tranon’Andriamanitra, ao an-tanànan’i Davida.”

¹⁰⁸ Io ilay Loharano izay angetahetanareo. Izany tokoa, izany ilay izy. Aza manandrana hamadika an’izany, amin’ny fiezahana hilaza hoe, “Hahafa-po an’izany aho, amin’ny fisotroana. Hahafa-po an’izany aho, amin’ny fanomezana fotoana iray miaraka amin’*ity* zazavavy *ity*. Hamitaka kely ny vadiko aho. Hamitaka kely ny vadiko aho.” Manangona fitsarana fotsiny ihany ianareo!

Hoy ianareo hoe, “Tsy afa-po aho, Rahalahy Branham.” Tsy mahagaga!

¹⁰⁹ Andriamanitra mifanaraka aminareo izany. Andriamanitra miezaka mitondra anareo eo amin’ny zavatra iray, nefa ianareo mandray ny toro-hevitry ny devoly ka mandeha miaraka amin’izany. Ary tahaka an’izany no ahatongavan’ny alahelo, tahaka an’izany no ahatongavan’ny fahafatesana. Ary tsy fiainana izany *fiainana* izany, fahafatesana izany. “Satria fahafatesana no tambin’ny ota; fa ny fanomezan’Andriamanitra dia Fiainana Mandrakizay ho an’ireo izay handray Azy.” Oh, aoka tsy ho voafitaka.

¹¹⁰ Avy eo, dia manana fomba hafa iray ny devoly. Manana fotoana iray fotsiny isika, mbola, ho an’izany. Manana fomba hafa iray hamadihana ny devoly, ankoatry ny milaza, mety hilaza ianareo hoe, “Eny, tsy misotro aho, Rahalahy Branham, tsy mifoka aho, tsy miloka aho, tsy namitaka ny vady lahiko aho na ny vady vaviko, izaho—izaho dia hanao. . . Miaina fiainana tsara iray aho.” Saingy ny devoly no namadika an’*izany*, mamela anareo hieritreritra izy, mba hahafa-po ny fieritreretanareo meloka, mba handehananareo hikambana amin’ny fiangonana iray ka mety tsara ianareo. Diso izany. Famadihana izany. Tsy afaka hahazo fahafaham-po amin’ny fikambanana amin’ny fiangonana iray ianareo. Lasa ara-tsaina fotsiny ianareo; raharaha ara-tsaina iray izany.

¹¹¹ Fa tsy ho afa-po mihitsy ianareo raha tsy mahafantatra Azy, ho famelàna ny fahotanareo, izay misy ny resaka fahotana voalamina, ka manana an’io fiombonana maha-te-ho tia, milamina, mangina, Mandrakizay, mandrakizay miaraka Aminy io ianareo. Rehefa ny fiadanan’Andriamanitra izay mihoatra ny fahalalana rehetra no nanamasina ny fanahinareo ka nanao anareo ho olom-baovao ao amin’i Kristy Jesosy. Tsy hahavita an’izany ny fikambanana amin’ny fiangonana. Tsia, tompoko. Mamadika an’ilay tena antony fotsiny izany. Raha tsy afaka mahazo anareo eo amin’ireo zavatra ireo ny devoly, dia hitondra anareo eo amin’ity hafa ity izy. Fa aza miantehitra

amin'ny inona na inona afa-tsy fahatsapana iray amin'ny fanao fahiny an'ny Fahateraham-baovao, mba hateraka indray avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra Mandrakizay. Rehefa mikambana miaraka ny fanahinareo sy Andriamanitra dia lasa iray ianareo.

¹¹² Davida, ihany koa, ao amin'ny Salamo, satria o—olon'ny ala iray sy mpihaza iray . . .

¹¹³ Any Atsimo dia mbola mampiasa an'izany foana izy ireo, andian'alikadia no manenjika an'ireo diera, matetika. Ary tany Afrika dia voamariko izany. Ary rehefa manomboka mihazakazaka ireo diera, dia manaikitra azy ireo ny alikadia. Ary manana vangy tena maranitra izy ireo. Ary tena misokosoko izy ireo, tahaka ny fahotana. Mipetraka ao anatin'ilay otrika izy ireo ho an'ilay diera kely. Mipetraka manohitra ny rivotra izy ireo mba tsy ahafahany manimbolo azy ireo. Dia mivoaka izy ireo, tampoka eo, ka manarona an'ilay biby kely, ary rovitin'izy ireo ho potipotika izy.

¹¹⁴ Tahaka an'izany no ataon'ny fahotana. Mampiditra anareo eo amin'ny tany ratsy izy. Rehefa mieritreritra an'izany ianareo, ianareo, “Eny, hanandrana kely fotsiny an'*ity* aho. Hilamindamina amin'*ity* aho. Izaho . . . Tsy hahafantatra na inona na inona mikasika an'izany mihitsy izy ireo, *ity, itsy*.” Aza manahy, misy Maso iray mahita ny rehetra mandinika anareo. Ary mipetraka eo am-baravarana ny fahotana. Mitandrema tsara. Hahita anareo izy.

¹¹⁵ Ary avy eo matetika rehefa voasambotra ny diera kely iray, angamba matetika dia rombahin'izy ireo eo amin'ny ilan-kibo izy ireo matetika. Angamba tsy mampakatra azy ireo tena avo mba handavo azy ireo. Mandramby azy ireo eo amin'ny ilan-kibo ka manongotra ampahany iray manontolo. Ary angamba, avy eo, handramby azy, mba hanapaka ny hozany ao amin'ny voditongony aoriana *eto*, izay hanjera azy, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka hihazakazaka izy. Tsy afa-manoatra izy.

¹¹⁶ Fa indraindray dia ho lasa avo loatra izy, ka maka azy eo amin'ny valahana, ary manongotra ampahany iray manontolo hiala aminy, tahaka an'*izao*, eo amin'izay anakaran'ilay alika sy handrambasany azy, ka manipy ny lanjany manohitra azy, ary manongotra ampahany iray manontolo. Angamba ho diso an'ilay lalan-drà lehibe eo amin'ny tendany izy, ka handramby azy eo amin'ny tratra ary handrovitra sombiny iray manontolo. Ary io biby mahantra, kely io dia nitsambikina sy nihazakazaka haingana arak'izay vitany, ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia afaka tamin'ireo alika izy ary namitaka azy ireo. Manenjika zavatra hafa ireo alika, ary mandositra izy. Fantany fa tsy hisy afa-tsy kely fotsiny izany, ireo alika ireo, vantany vao mamono ilay anankiray hafa izy ireo,

dia hanaraka azy avy hatrany. Ary lasa izy, haingana arak'izay vitany.

117 Ankehitriny, amin'ny maha-mpihaza iray, dia mahafantatra tsara an'ireo diera aho. Fantatro tsara ny fihetsik'izy ireo. Ary raha mahamarika ianareo, raha mbola afaka tonga eo amin'ny rano foana ilay diera, rahalahy, dia afaka ny ho velona indray izy ao anatin'ny iray segondra. Fa raha tsy afaka ho tonga eo amin'ilay rano izy, dia vita ny aminy. Fa raha afaka ho tonga eo amin'ny rano izy, dia afaka hanaraka azy mandritry ny andro manontolo ianareo, ary hanohy handeha fotsiny izy. Hanaraka ony iray izy; hiampita an'izany amin'ity lâlana ity izy, ary hiverina amin'ity lâlana ity. Hiverina amin'ity lâlana ity izy. Hidina ao anatin'ilay ony izy ka handeha. Miezaka ny hamitaka an'ireo alika izy.

118 Ankehitriny, hoy Davida hoe, “Tahaka ny dieralahy maniry ny rano an'ony, dia toy izany koa no angetahetan'ny fanahiko anao, O Andriamanitra.” Maratra izy. Ireo alikan'ny helo dia manenjika ny tsirairay avy aminareo. Te-hampanalavitra anareo amin'ilay Mpiandry ondry fotsiny izy, indray mandeha. Ary rambasany izy ireo ka manongotra eran'ny tånana izy ireo *eto*, ary eran'ny vava *eto*, mba hampihemotra anareo. Dia hoy Davida hoe, “Tahaka ny dieralahy maniry ny rano an'ony!” Oh, tsy maintsy mahita an'ilay onin-drano kely izy, raha tsy izany dia levona.

119 Andriamanitra, aoka ho izany ny fanahinay androany! Naratra, “Raha tsy afaka mahita an'ilay onin-drano aho, dia hahazo ahy tsy ho ela mihitsy ireo alika. Fa raha afaka mahita ny Onin-dranonao fotsiny mantsy aho, O Andriamanitra!”

120 Ny diera kely dia mahafantatra hoe na ilay izy dia... Fahafatesana ilay izy na ilay onin-drano. Dia hoy i Davida hoe, “Tahaka ny ahafantaran'io diera io mihitsy fa fahafatesana ilay izy, na ilay onin-drano, dia tahaka an'izany no angetahetan'ny fanahiko Anao. Tsy maintsy mahita Anao aho, fa raha tsy izany dia levona.”

121 Oh, raha afaka ho tonga eo amin'io karazana Fiainana io fotsiny mantsy isika! “Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa izy ireo no hovokisana.”

122 Enga anie izany no ho anton'ity fiangonana ity izao maraina izao. Enga anie ny fitiavanareo hitodika hiala amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, ireo fiahian'izao tontolo izao. Na ny tranonareo voadio izany, na ny tanimbolinareo nanalana ahi-dratsy izany, na mety ho inona ilay izy, enga anie izany ho voatolotra an'Andriamanitra. “O Tompo, ny Famindramponao no tsara kokoa amiko noho ny fiainana rehetra. Mangetaheta Anao ny fanahiko, toy ny hoe tao amin'ny tany maina iray aho. Ary tahaka ny dieralahy maniry an'ilay onin-drano, no tsy maintsy hahitan'ny fanahiko Anao, raha tsy izany dia levona.”

123 Rehefa tonga eo amin'io toerana io ny Branham Tabernacle, dia hirodana eo amin'ny varavarana ireo isma kely, ho voalamina daholo ireo fahasamihafana, ary ho Kristiana ireo Kristiana. Ary ny . . . Ity dia ho toerana iray izay ho resahana, manerana an'izao tontolo izao, rehefa mangetaheta an'Andriamanitra tahaka an'izany ny fiangonan'olona rehetra. “Ny Famindramponao no tsara kokoa amiko, O Tompo, noho ny fiainana.”

Ndao isika hivavaka.

124 Ry Rainay finaritra, sy Andriamanitra, raha manatona Anao izahay ankehitriny eo amin'ny famaranana an'ity Hafatra kely ity, dia mivavaka izahay mba ho ato amin'ity fiangonana kely ity ilay hanoanana sy hetaheta, izao maraina izao, tsy tahaka ny tany aloha mihitsy. Enga anie ireo lehilahy, vehivavy, zazalahy sy zazavavy, androany ao amin'ny . . . eo ambanin'ny tafo eto, ary any ivelany, na mety ho aiza izy ireo, enga anie izy ireo handre ny Filazantsara, ka hahafantatra fa misy zavatra izay—izay manao azy ireo hangetaheta zavatra.

125 Oh, tena tsi-fitsaharana iray! Ianao no nilaza fa hisy fotoana iray tahaka an'izao, “tsi-fitsaharana, fotoan'ny fahaverezan-kevitra, fahoriana eo amin'ireo firenena.” Oh, raha mba hanala fotsiny an'io faniriana hery bebe kokoa io mantsy izy ireo, faniriana baomba bebe kokoa, faniriana an'ireo zavatra ireo, ka mamadika an'izany ho faniriana ny fahamarinan'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia ho tonga miaraka amin'ny fanasitranana eo amin'ny Elany ilay Masoandron'ny Fahamarinana.

126 Ary rehefa nihetsi-jaza Isiraely, tamin'izay fotoana izay dia teraka ireo zanaka. Ary mivavaka aho, Ray, mba Hametrahanao an'io hetaheta io ao am-ponay androany, ka tsy misy fahafahampo na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao, afa-tsy eo amin'ny tabataban'ireo Fivoahan-dranonao fotsiny ihany. O Tompo, aoka ny lalina hiantso ny Lalina. Ekeo izany, Ray. Mivavaka amin'ny Anaran'i Kristy izahay.

Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika.

127 Manontany aho, ato amin'ny fiangonana, izao maraina izao, raha hanangana ny tânany ny olona iray, hanao hoe, “Rahalahy, pasitera, mivavaha ho ahy,” ankehitriny raha mbola mijery izaho sy Rahalahy Neville. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. “Mila an'i Kristy aho. Mila hetaheta ato am-poko tahaka an'izany aho. Tena marary sy reraka fotsiny aho ny amin'ny fandehanana eto sy antsasa-dàlana amin'ity lalana ity sy *itsy* lalana itsy. Mila hetaheta an'Andriamanitra marina tokoa aho. Mivavaha ho ahy, rahalahy, pasitera. Ianao ve . . .”

128 Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Ary Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Olon-kafa iray atsangano ny tânanareo, manaova hoe, “Mivavaha ho ahy.” Raha . . . Andriamanitra hitahy anao,

ranabavy. Eny àry. Olon-kafa iray ankehitriny, alohan'ny hamaranana mihitsy, atsangano ny tânanareo, manaova hoe, “Mivavaha ho ahy.” Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Izany tokoa. “Izaho dia mila an'izany, ihany koa.” Andriamanitra hitahy anao, ranabavy, iry aoriana iry. Aoka . . .

“Amin'ny tabataban'ireo Fivoahan-dranonao.”

¹²⁹ “O Andriamanitra, ataovy—ataovy—ampahafantaro ahy fa olona malemy iray aho, ka, tsy fantatro marina hoe amin'ny firy no ho tapaka ireto kofehy kelin'ny fiainana ireto, ary hiditra ao amin'ny Mandrakizay aho. Fa aoka aho ho toy izany, O Andriamanitra, mba tena hangetahetan'ny fanahiko Anao, ka tsy te-hisotro intsony, tsy hifoka intsony, tsy handainga intsony, tsy hisy hanota intsony aho. Aoka ny fitiavako hipetraka eo amin'ireo zavatra any ambony. Ekeo ho ahy izany, O Andriamanitra, raha manangana ny tânako aho.”

¹³⁰ Andriamanitra hitahy anao, sy ianao, sy ianao, ary ianao. Andriamanitra hitahy anao. Ny Ray no mahita ny tânanareo; izany tokoa, ilay—ilay Andriamanitra manerana. Andriamanitra hitahy anareo. Iaikeo fotsiny izany izao ankehitriny izao, raha mbola mipetraka eo ianareo. Miaike fotsiny, manaova hoe, “Tompo, apetraho ato anatiko io hetaheta io.”

¹³¹ Rankizy, fantatrareo ve izao, fa tsy ho tonga any amin'Andriamanitra ianareo raha tsy manana an'izany? Izany ve ilay hetaheta lalina, io—io zavatra izay maniry fatratra an'Andriamanitra io?

¹³² Tahaka an'ilay diera mahantra, kely fotsiny, azonareo eritreretina ve izy? Maratra izy. Eo am-pahafatesana izy. Ilay izy dia na ilay onin-drano kely na fahafatesana. Ary izy tsy maintsy . . . Afaka mahita azy mampakatra ny loha keliny ve ianareo? Ary mamofona izy. Manimbolo ny rivotra izy. Mikoriana ilay rà. Tsy maintsy tonga eo amin'io onin-drano kely io izy. Tsy maintsy manao an'izany izy. Ny pentina kely rehetra, ny rantsana maitso kely rehetra, dia mandeha mankany amin'izany izy. Tsy maintsy azony izany. Mangetaheta an'Andriamanitra tahaka an'izany ve ianareo?

¹³³ Hoy i Davida hoe, “Tahaka an'izany ny—ny—ny hetahetako, Andriamanitra. Tsy maintsy mahazo azy fotsiny aho, fa raha tsy izany dia ho levona. Mila Fiainana aho. Ary ny Famindramponao ho ahy, rehefa mahatsapa Ny Fanatrehanao aho, mahita fa ny fiainako dia mifanaraka tsara amin'Ny Teninao, dia tsara kokoa amiko noho ny rehetra, ny zavatra hafa rehetra, ny fiainana hafa rehetra sy ny zavatra rehetra. Ny Famindramponao!”

Iaikeo ny fahadisoanareo ankehitriny, raha mivavaka isika.

¹³⁴ Ankehitriny, Tompo, Hitanao ireo tânana. Fantatrao ny olona. Ary mivavaka aho mba Hamelanao ny fahotana rehetra. Forony ao anatin'izy ireo io hetaheta lehibe izay tonga io, izay irian'izy ireo. Noana ny fon'izy ireo.

¹³⁵ Ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao androany, mieritreritra an'ity aho, ny firenenay, adalam-pahafinaretana. O Andriamanitra! Sarimihetsika, televiziona, tantara maloto ratsy! Ary eo am-pandrenesana fa mila mpitsabo saina telo na efatra hihazona an'i Elvis Presley eo amin'ny fitaratra fijerena, sy Arthur Godfrey ary maro amin'ireo hafa ireo. Voaseho fotsiny izany tamin'ny herinandro lasa, avy tamin'io mpanao gazetin'i New York io, hoe namangy azy ireo izy ary mahafantatra fa mpitsabo saina telo na efatra, ho an'ny tsirairay avy, mba hiezaka hitondra an'ity izao tontolo izao ity eo amin'ny toeran'ny vazivazy ratsy, maloto, maharikoriko, tsy miraika.

¹³⁶ Ary—ary ireo vehivavy eny an-dàlambe, ahoana fa nahavery ny sainy ireo lehilahy, miditra ao amin'ireo toerana; ary mitady akanjo vetaveta hanaovan'izy ireo. Ary mahafantatra, Tompo, fa io ramatoakely mahantra, kely eo an-dàlambe eo io, miaraka amin'ny vatany kely miseho, ary akanjo vetaveta iray. Ary io lehilahy io any amin'ny trano fisotroana any io, izao maraina izao, mahafantatra fa miezaka ny hahafa-po an'ilay hetaheta izay nomen'Andriamanitra azy mba hangetaheta Azy izy, an'Andriamanitra, miezaka ny hahafa-po an'izany amin'ny an'izao tontolo izao izy, karazan-javatr'izao tontolo izao. Mivavaka izahay, Andriamanitra, mba na manao ahoana na manao ahoana . . . Tsy fantatro hoe ahoana, saingy ataoko fa tsy maintsy ho izao mihitsy izany ora izany.

¹³⁷ Fa ho an'ireo izay niantso, sy nanangana ny tànany, dia omeo azy ireo, Tompo, io zavatra ao am-pony izay ilainy io. Io hetaheta voatahy io, enga anie hitony izany androany, amin'ny alàlan'ny fanavaozana ny Fanahy Masina manondraka ao anatin'ny fanahin'izy ireo ka manome azy ireo an'izay iriany. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy aho. Amena.

Misy Tany iray any ankoatr'ilay renirano,
 Izay antsointsika hoe mamy mandrakizay izany,
 Ary amin'ny alàlan'ny lalàn'ny finoana irery ihany
 no ahatongavantsika eo amin'io morona io;
 Tsirairay no hahatongavantsika eo amin'ny
 vavahady,
 Mba honina any miaraka amin'ny tsy mety maty,
 Rehefa mampaneno an'ireo lakolosy volamena ho
 anao izy ireo . . .

Ankehitriny isamonomonony izany, tena mora ankehitriny.

Tsy renao ve ireo lakolosy maneno ankehitriny?
 Tsy renao ve ireo Anjely mihira? (Izany dia rehefa
 mifangaro ho anankiray ny rehetra.)

Ny Jobilin'ny voninahitra haleloia.
 Ao amin'io mamy mandrakizay lavitra io,
 Any ankoatr'ilay renirano mampiratra fotsiny,

Rehefa mampaneno an'ireo lakolosy volamena ho ahy sy ho anao izy ireo.

¹³⁸ Firy no tia Azy? Atsangano ny tãnanareo. Isaorana ny Tompo. Ankehitriny manatsora tãnana avy hatrany, raiso ny tãnan'ny olona eo akaikinareo, manaova hoe, "Andriamanitra hitahy anao."

. . . maneno ireo lakolosy ireo ankehitriny?
Tsy renao ve ireo Anjely. . . (Azo antoka, teratanin'ilay Fanjakana isika.)

Jobilin'ny voninahitra haleloia iray izany.
Ao amin'io mamy mandrakizay lavitra io,
Any ankoatr'ilay renirano mampiratra fotsiny,
Rehefa mampaneno an'ireo lakolosy volamena ho ahy sy ho anao izy ireo.

¹³⁹ Ankehitriny, Ray, raiso ny fanahinay sy ny fanompoanay, raha mametraka an'izany Aminao izahay. Ary miomana ny hivavaka ho an'ireo zanaka marary fotsiny izahay ankehitriny. Mivavaka izahay mba hitoetra eo aminay Ny Fanahinao. Mba ahafahanay hivavaka ny vavaky ny finoana iray ho an'ireo izay manana ilaina amin'ity ora ity. Ekeo izany, Ray. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

¹⁴⁰ Ankehitriny dia aoka ny marary hiangona manodidina ny alitara raha manosotra azy ireo sy mivavaka miaraka amin'izy ireo izahay. Ho faly izahay hanampy anareo. Hampirava ny fotoana isika, raha afaka mijanona mandritry ny folo, dimy ambin'ny folo minitra manaraka ianareo.

¹⁴¹ Eny, omeo anay—omeo anay, Ranabavy Gertie, "Miandry ahy any ny ampitso faly iray."

. . . miandry ahy ny ampitso faly iray,
Izay misy an'ireo vavahady perla misokatra midanadana,
Ary rehefa hiampita an'io lohasahan'ny alahelo io aho,
Dia hitoby eo amin'ilay Ilany hafa aho.

Indray andro any ankoatry ny fahatakarana'ny fahalalan'ny mety maty,
Indray andro any, Andriamanitra irery ihany no mahafantatra hoe aiza ary rahoviana,
No hipetraka tsara daholo ireo kodiaran'ny fiainana mety maty, (Inona no hitranga amin'izay fotoana izay?)
Amin'izay fotoana izay dia handeha hitoetra eo amin'ny havoanan'i Ziona aho.

Indray andro any ankoatry ny fahatakarana. . .
(Eritrereto izany!) . . . fahalalan'ny mety maty,

Indray andro any, Andriamanitra irery ihany no
mahafantatra hoe aiza ary rahoviana, (Inona no
hitranga?)

Hipetraka tsara daholo ireo kodiaran'ny fiainana
mety maty,

Amin'izay fotoana izay dia handeha hitoetra eo
amin'ny havoanan'i Ziona aho.

Midina ambany, ry kalesy mamy,
Oh, tonga hitondra ahy ho any an-Trano;
Midina ambany, ry kalesy mamy,
Ho tonga hitondra ahy ho any an-Trano.

Izany ilay Sambo Tranain'i Ziona,
Izany ilay Sambo Tranain'i Ziona, (Voninahitra!)
Izany ilay Sambo Tranain'i Ziona,
Miondràna an-tsambo, miondràna an-tsambo.

Efa nitondra ny raiko antitra Izany,
Efa nitondra ny raiko antitra Izany,
Efa nitondra ny raiko antitra Izany,
Miondràna an-tsambo, miondràna an-tsambo.

Izany ilay Sambo Tranain'i Ziona,
Izany ilay Sambo Tranain'i Ziona,
Izany ilay Sambo Tranain'i Ziona,
Miondràna an-tsambo, miondràna an-tsambo.

¹⁴² Rahalahy Craig, [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]
Rahalahy Junie, miakara ianareo rehetra, mivavaha miaraka
amin'ny marary. Ny sisa aminareo, Rahalahy John, ny tsirairay
aminareo izay te-ho avy, mandrosoa avy hatrany.

Oh—oh, tsy ho [Elanelana tsy voaraki-
peo—Mpand.] hahafinaritra ve izany Any,
Tsy manana enta-mavesatra ho entina?

Mihira am-pifaliana miaraka amin'ireo
lakolosin'ny fo maneno daholo,

Oh, tsy hahafinaritra ve izany Any?

Tsy hahafinaritra ve izany, (mahafinaritra) any,

Tsy manana enta-mavesatra ho entina?

Mihira am-pifaliana miaraka amin'ireo
lakolosin'ny fo maneno daholo,

Oh, tsy hahafinaritra ve izany Any?

Mandeha sy miresaka amin'i Kristy, ilay
Anankiray ivelan'ny voajanahary,

Tsy hahafinaritra ve izany Any?

Mandeha sy mihira miaraka amin'i Kristy, ilay
Anankiray ivelan'ny voajanahary,

Tsy hahafinaritra ve izany Any?

Tsy hahafinaritra ve izany, (mahafinaritra) Any,
Tsy manana enta-mavesatra entina, (Any)?

Mihira am-pifaliana miaraka amin'ireo
lakolosin'ny fo maneno daholo,
O tsy hahafinaritra ve izany Any?

¹⁴³ Rehefa mieritreritra an'ireo zavatra ireo isika, hoe lehibe sy mahafinaritra toy ny ahoana! Oh, tena misy Izy amintsika. Tsy hahafinaritra ve izany any? Manatrika ilay Mpitsabo lehibe ankehitriny. Te-hanasitrana ny marary sy ny ory Izy. Te-hanao an'ireo izay reraka ho matanjaka Izy. Te-hanao an'ireo izay ory ho salama Izy.

¹⁴⁴ Ankehitriny dia ndao isika hiondrika fotsiny ankehitriny ao amin'Ny Fanatrehanay raha manolotra ny fiderantsika ho Azy isika.

¹⁴⁵ O Ianao ry Mpitsabo Lehibe, raha mivoa-drà ny fonay, dia mibarareoka tahaka ny Ondrinao izahay. Ary renay Ny Fanahinao miverina aminay. “Ny Ondriko mahalala Ny Feoko.” Ary tianay ny miantsoantso ny fiderana Anao. Tianay ny mitomany eo amin'Ny Fanatrehanao nohon'ny fifaliana. Tianay ny haneho ny fihetseham-ponay Aminao, satria tianay amin'izay rehetra ao anatinay Ianao. Ny fanahinay manontolo, saina, ary vatana dia tia ny Tompo.

¹⁴⁶ Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hanomezanao anay an'izany, lalina kokoa sy lalina kokoa, tsy ankitsahatra. Enga anie Izany ho lasa tena misy aminay, ka hanjavona izao tontolo izao, sy ny fahadalany rehetra, amin'izay fotoana izay dia tsy hisy eritreritra ny amin'izany intsony. Hanjavona ao anatin'ny Mandrakizay iray izany. Nanana fiandohana iray izany, ankehitriny dia enga anie izany hanana fiafarana iray, ihany koa. Fantatray fa hanana izany.

¹⁴⁷ Ary mivavaka izahay ankehitriny, Andriamanitra, satria izahay, Zanakao, dia mitsangana eto, manao fanelanelanana ho an'ny tsirairay avy, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ho an'ireo fahalemena izay ao amin'ny vatanay, vokatry ny fahotan'ny lasa, sy ny faharatsiam-panahin'izao tontolo izao, ary ny nofonay mety maty, tena eo ambany fifehezan'ny fahavalo rehetra satria mbola fahotana foana izany. Ary milaza izahay fa ny Baiboly dia manambara aminay, mazava, hoe, “Ny Fanahy Masina dia manampy ny fahalementsika, sy ny fanelanelanana.”

¹⁴⁸ Ary manatona Anao izahay, Ray, izao maraina izao, ampanetre-tena, mino fa hanao fanelanelanana ho anay Ianao ankehitriny, ka, raha miaiky ny fahotanay izahay, sy ireo fahadisoanay, ary ireo fanirianay Anao, noana ny mba ho salama ny fonay, mba ahafahanay manompo sy hanao ny asa izay Tianao hataonay. Ekeo, Tompo, raha mandroso ny Loholonao manosotra, dia tonga aho hametra-tànana eo amin'ny marary, enga anie hivoaka ny Fanahy hanasitrana. Mangataka izahay mba ho tanteraka izany, amin'ny alàlan'i Jesosy Tomponay.

Ankehitriny, ry loholona, raha hanomboka eto ianao ka hiakatra avy hatrany fotsiny.

¹⁴⁹ Ny tsirairay avy tao amin'ny vavaka, ankehitriny, moramora mihira ny *Ilay Mpitsabo Lehibe*. Ny olona rehetra mihira moramora.

¹⁵⁰ [Mivavaka ho an'ny marary Rahalahy Branham, maro amin'ireo teniny no tsy mazava—Mpand.]...?... [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

¹⁵¹ Raha tsy diso aho, dia i Ranabavy Craig ity. [Hoy Ranabavy Craig hoe, “Eny.”—Mpand.] Azoko ny toeranao, Ranabavy Craig, fa tena marary ianao, ianao dia tsy maintsy nandao...?... [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray.]...?... Jereo ankehitriny. Tany amin'ireo tany efitra lavitra tany, dia niasa mafy niaraka tamin'ny vadinao eto ianao, ho an'ny anton'i Kristy. Ilay tena zavatra izay notohananao mihitsy, Ranabavy Craig, no zavatra tokana afaka manampy anao ankehitriny. Ary amin'ny maha-mpanompon'Andriamanitra, ka mahafantatra fa tianay ianao sy Rahalahy Craig eto, izahay rehetra eto amin'ny fiangonana. Ary mankasitraka ny asanareo any an-tany efitra izahay, eo anivon'ny vahoaka Indiana. Ary dia tonga ianao ankehitriny, ity no hopitaly izao maraina izao. Eto no mijoro ilay Mpitsabo, ilay Anankiray lehibe. Ary mba hanaovana an'io fandidiana io, dia hanome anao vitsivitsy izahay...?... Ny Tenin'Andriamanitra dia maranitra noho ny sabatra roa lela. Mety Tiany ny hidina ka haka azy. Aza manana aloky ny fisalasalana anankiray, Ranabavy Craig! Tahaka fotsiny...?...

¹⁵² Eny àry, Rahalahy Neville, mandehana ka manosora.

¹⁵³ Ray any An-danitra malala, indro ny vadin'ny mpitoriteny iray, mirenirenny lavitra, ao amin'ny tany efitra mafana iray, ireo Indiana sy tsy niova fo ireo, miezaka ny hahazo azy ireo ho Anao. Ary mitsangana eto amin'ity alitara kely ity androany, O Ray mpamindra fo, satria izahay, miaraka amin'ny tanaanay mipetraka eo aminy, ho famantarana iray, mino fa ny Baiboly dia mbola ilay Sitraon'Andriamanitra tsy mety diso foana, mametra-tànana eo aminy izahay... [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

...fotsy toy ny oram-panala,
Ty misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy;
Inona no afaka hanao ahy ho salama indray?
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.

Oh, sarobidy ilay riaka... .

¹⁵⁴ [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray—Mpand.]...?... Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

¹⁵⁵ Ny vadin-dRahalahy George Colvin dia any amin'ny Norton's Infirmary Hospital, any Louisville, ho anareo izay manao famangiana mba hahita azy ireo. Ary—ary Rtoa. Colvin,

izay tratry ny homamiadan'ny vavony, ny—tsaratsara kokoa ny rafozam-baviny. Noho izany, dia mankasitraka isika ny amin'izany.

¹⁵⁶ Ankehitriny, ho anareo olona izay marary fotsiny, sy nivavahana, tiako ny hilaza an'izao, teny kely iray fotsiny. Ary tara kely fotsiny isika, saingy zavatra kely iray fotsiny.

¹⁵⁷ Mikasika ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, oh, tena zavatra iray mahafinaritra izany. Ary tena tsotra ny—ny hanatonana an'izany, raha mandray fotsiny an'ilay toetra tsara manoloana an'izany ianareo, hitanareo.

¹⁵⁸ Ankehitriny, ilay fahitana izay azoko, ary nazavaiko tato amin'ny fiangonana teto izany, mikasika ny rano, (tsaroanareo izany), sy ilay tohodrano teo amin'ny ilany havia, ary ilay renirano mikoriana niverina tany amin'*itsy* lâlana itsy, ny kely tsirairay tamin'izany dia niseho tany Canada mihitsy, tanteraka mihitsy. Ary ilay Renirano Saskatchewan dia mandeha mankany atsinanana raha tokony hankany andrefana, ary ireo rian-drano dia teo amin'*itsy* ilany itsy raha tokony ho ilay hafa. Niditra aho, ary nangatsiaka ny andro, nitsoka sy nanoram-panala, nivoaka, dia nihiratra ny masoandro. Niditra tao avy hatrany aho, nahita an'ilay foto-kazo tranainy, ny zavatra rehetra, tena tanteraka arak'izay naha-izy azy. Ary fiovàna iray ao amin'ny asam-panompoako. Marina tokoa.

¹⁵⁹ Nanambara ny Tompo teto, herinandro vitsy lasa izay, inona no hatao ho an'ny fahaiza-mamantatra, sy ny sisa, nanomboka ho lasa ilay fitahiana lehibe indrindra izany. Ary afaka mivavaka ho an'ny olona betsaka izahay.

¹⁶⁰ Ary ankehitriny, teo amin'ny lampihazo, rehefa tapitra ireo fahitana, dia niantso an'ireo fahitana izahay ary ny lam-... voalohany, teo am-panombohana. Ary avy eo rehefa tonga ny olona, dia voalohany, hahita ny fijoroana vavolombelona ianareo ankehitriny.

¹⁶¹ Ankehitriny, ity ilay antony, eto mihitsy. Raha—raha tsy niara-notezaina isika. Hitanareo, ankizy fotsiny isika eto, miaraka, izay niara-notaizana, izany no antony tsy ahafantaranareo. . . Fantatrareo fa tiako ny mihaza sy manjono, sy ny sisa, ary izany—izany no manaisotra an'ilay izy.

¹⁶² Ranadahy Bill dia rahalahinareo fotsiny, hitanareo, fa tianareo aho ary izaho tia anareo. Hitanareo? Ary tonga eto ianareo, ka, eny, raha—raha tianareo ho voamboatra ny jironareo dia tsy hampaninona anareo ny hiantso ahy, ho tonga hanao an'izany, hanandrana an'izany. Ary raha tsy vitako, dia hiantso an-dRahalahy Rhody aho. Koa noho izany isika fotsiny. . . na zavatra iray, fantatrareo, mitovy amin'izany. Hitanareo? Ary mahazatra fotsiny eo anivonareo izany. Toy ny hoe hafa ilay izy any an-kafa any ho any. Rehefa isika. . . Eny, ankehitriny isika. . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

Anankiray amin'ireo toetra mampiavaka izany, tahaka ny maso volontany sy manga fotsiny. Hitanareo, izany—anankiray amin'ireo toetra mampiavaka fotsiny izany. Tsy misy azontsika atao amin'izany.

¹⁶³ Tany Canada, rehefa tonga tany aho, eny, mazava ho azy, efa niteny taminareo an'izay nitranga aho. Nanana olona an'arivony maro izahay tany, saingy izy rehetra dia Anglikana sy Batista avokoa, sy ny sisa, izay nanohana ny fivoriako. Nandà ahy ankitsirano ireo olona Pentekotista. Koa noho izany, fa mety tsara izany. Izaho . . . izany . . . Tiako izy ireo na izany aza. Hitanareo?

¹⁶⁴ Fa tao anatin'ny tao, tamin'io hariva io, dia tonga teo amin'ny lampihazo ny vehivavy iray, ilay voalohany, tao amin'ny fivoriana. Ary efa jamba izy, tsy fantatro hoe hafiriana. Tahaka an'ilay ramatoa izay tonga eto mba hivavahanay fotsiny. Tsy maintsy nitarika azy teo amin'ny lampihazo izy ireo, tsy afaka nanavaka ny andro amin'ny alina izy. Efa tahaka an'izany izy nandritry ny taona maro. Ary nitsangana teo, nivavaka ho an'io vehivavy io, lasa nisokatra ny masonry teo amin'ny lampihazo. Ary midina izy ka maka milina fanoratra iray ary manoratra ny fijoroany vavolombelona manokana ho ahy.

¹⁶⁵ Ny manaraka nandalo, dia zazalahy kely iray izay tena . . . Ilay ramatoa kely eto, tonga teto ary nivavaka vao teo, mikasika ny ankizy kely iray izay moana. Nanana an'io ankizy io izahay teo amin'ny lampihazo, heveriko fa ilay izy dia teo amin'ny, oh, hataoko hoe, valo na folo taona. Tsy afaka, tsy nahafantatra teny anankiray. Tsy afaka nanao fimonomonoana iray. Tsy afaka nandre zavatra iray; tsy nandre mihitsy. Teraka tahaka an'izany, tsy nisy fandrenesana tanteraka mihitsy, tsy nisy fitenenana. Nitsangana teo ary nitomany sy nidera ny Tompo, ary afaka nandre ny zavatra rehetra, ka nihazakazaka teo amin'ny lampihazo, nifaly.

¹⁶⁶ Ny tonga manaraka, dia zaza sembana iray, teo amin'ny roa ambin'ny folo taona teo. Billy no nanampy nitondra azy teo amin'ny lampihazo, ary lehilahy roa. Tao anatin'ny toerana iray tahaka an'izany izy, tahaka an'izao fotsiny, hitanareo. Mampahatsiahy ahy an'i Edith Wright kely izany. Ary nentin'izy ireo teo io zavatra kely io. Ary raha mbola nivavaka aho, dia hoy izy hoe, “Avelao aho hipetraka. Efa nanasitrana ahy Jesosy.” Eny, inona no azonay natao afa-tsy ny namela azy hidina? Ary, rehefa nandeha izy, dia nandeha nanerana teo, nanao tahaka an'izao, [Mitehaka ny tãnany Rahalahy Branham—Mpand.] nidera an'Andriamanitra sy nihiakiaka, ary nandeha nandroso-sy-niverina teo amin'io toerana io tahaka an'izany. Ary torana ny olona, saiky, tao amin'ny mpanatrika, tahaka an'izany.

¹⁶⁷ Avy eo dia tonga ny mivokin-damosina kely iray, trafo goavana iray tao an-damosiny. Ary Katolika iray

izy. Mazava ho azy, mahazo isika, mino ny fanasitranana izy ireo. Ankehitriny, ho anareo vahoaka Katolika, tsy misy na inona na inona manohitra anareo. Mety tsara izany, hitanareo. Saingy izy ireo dia mino tahaka an'ireo sarivongana, sy ny sisa, hitanareo. Ary—ary hoy aho hoe, “Jereo ankehitriny, anaka, tsy mino ny fanasitranana tahaka an'izany isika. Tsy mino ny fikasihana sarivongana isika. Mino isika fa isika dia, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, hitanao, ary ny Fanahin'Andriamanitra no ao anatintsika.”

168 Dia hoy aho hoe, “Ankehitriny ity no fomba inoantsika azy. Indro tonga . . . Nandalo Jesosy, indray andro, ary nisy hazo iray nitsangana teo. Ary nilaza Izy . . . Nitady voankazo iray Izy, fa tsy nisy voankazo teo, dia hoy Izy hoe, ‘Tsy hisy olona hihinana avy aminao, manomboka . . . mandrakizay,’ lasa nandeha. Ary ny ampitso, rehefa nandalo izy ireo, dia niha—maina ilay hazo. Petera dia nilaza . . . Nahoana, fantatrao i Petera—Petera, ahoana izy. Izy—hoy izy hoe, ‘Nahoana, jereo ilay hazo! Banjino ilay izy.’ Dia hoy Jesosy hoe, ‘Manàna finoana an'Andriamanitra. Fa raha hiteny amin'io tendrombohitra io ianareo hoe, “Mifindrà,” ka tsy misalasala, fa mino fa izay lazainareo dia hiseho, dia ho azonareo izay lazainareo.” Hoy aho hoe, “Azonao ve izany?”

“Hia.”

169 “Rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa azonareo izay angatahanareo, dia ho azonareo izany.”

170 Hoy aho hoe, “Hitanao, isika, rehefa avy nandray ny Fanahin'Andriamanitra . . . Ankehitriny, Andriamanitra dia nanao an'izao tontolo izao avy tamin'ny tsinontsinona. Ny Teniny fotsiny izany. Namorona fotsiny Izy. Ny Teniny dia famoronana. Noho izany, niteny an'Izany fotsiny Izy, dia niforona izao tontolo izao. Satria, Izany no zavatra tao an-tsain'Andriamanitra, tao am-Pony. Noteneniny fotsiny ilay izy, dia tonga teo amin'ny fisiana. Mpamorona iray Izy.” Hoy aho hoe, “Noho izany, raha manana ny *Zoe* isika, ny Fiainan'Andriamanitra ao anatintsika, dia lasa zanak'Andriamanitra isika, ary mpamorona kely,” hoy aho, “satria hoy Izy hoe, ‘Na inona na inona lazainareo, dia minoa fa izay lazainareo, dia ho azonareo.’”

171 Ary voamariko izany. Matetika, dia nilaza zavatra izay zara raha azoko eritreretina samirery aho, nefa nolazaiko ilay izy, na ahoana na ahoana. Ary hitako, fa tahaka an'izany mihitsy no nitrangany. Nilaza zavatra izay saiky tsy tiako ho lazaina aho ny amin'ny hitrangany tahaka an'izany, saingy nitranga ilay izy, na ahoana na ahoana, satria efa nolazaiko ilay izy. Nieritreritra aho hoe, “Andraso iray minitra!”

172 Noho izany, hoy aho hoe, “Hitanao, rehefa miteny zavatra iray isika, raha misy zavatra mamikitra amintsika, dia tsy

tokony hiteny an'izany mihitsy isika raha tsy mino an'izany. Noho izany rehefa mino an'izany isika, dia miteny an'ilay izy, ary mivoaka io Teny mamorona io, ampahan'Andriamanitra Izany, hitanao, ary mamorona Izany."

173 Hoy izy, "Azoko." Nametraka ny sandriko nanodidina azy aho, nivavaka ho azy.

174 Nahafantatra fa Katolika izy, hoy aho hoe, "Ankehitriny, andraso fotsiny. Izao hariva izao, rehefa mandeha mody ianao, dia mametraka tady kely manodidina anao, tahaka an'izao, ary sintonina mafy ilay izy. Avelao i Mama no hanao an'izany. Dia tapaho ilay izy. Ary avy eo, rahampitso hariva, raha tsy mihena telo inches ilay izy, amin'izay fotoana izay dia mpaminany sandoka iray aho. Ento miverina izy, ary ento ilay tady iray ihany. Tapaho izy, ary apetraho eto ambony eto."

175 Rehefa lasa izy, dia nieritreritra aho hoe, "Inona no nolazaiko? Inona no nolazaiko? Ahoana moa raha nisy fanakianana iray teo, hitanao?" Nieritreritra aho hoe, "Fa, raha Andriamanitra no nilaza an'ilay izy, satria tsy fantatro hoe ho lazaiko ilay izy, noho izany dia havelako tahaka an'izany fotsiny ilay izy." Avelao izy handroso.

Ny hariva manaraka, dia saiky *izao* fotsiny ny halavany, jereo hoe aiza ilay izy.

176 Noho izany, ny manaraka, vitsivitsy taorian'izany, dia zazalahy kely iray no nandalo, trafo kely iray no tao andamosiny, nivoaka tahaka an'izao. Nisy andiany kely iray manontolo tany, Kanadiana Frantsay Katolika no tonga, ary voavonjy sy feno ny Fanahy Masina tany. Hitanareo? Ary ity zazalahy kely ity dia nanana sandry iray, nidina tahaka an'izao, trafo kely iray teo amin'ny lamosiny. Ankizy bitika kely, saiky tahaka an'izao, nandalo izy. Ary saika hivavaka ho azy aho. Hoy aho hoe, "Malala, hitanao ve izay noteneniko tamin'io zazalahy hafa io mikasika ny sorony kely?" Ary, noho izany, hitanareo, ireo mivokin-damosina kely, tsy afaka manangana ny sandriny tahaka an'izao izy ireo. Hitanareo, misy trafo izy ireo, misy zavatra mitranga ao amin'ny lamosin'izy ireo eto.

177 Hoy izy hoe, "Eny, tompoko." Hoy izy, "Tsy afaka miverina aho." Ary hitako, fianakaviana iray tena mahantra izy, tany British Columbia tany. Hitanareo? Tsy nanam-bola, mba hijanona ela kokoa.

178 Hoy aho hoe, "Eny, hanasitrana anao Andriamanitra, malala." Napetrako nanodidina azy ny sandriko.

179 Ankehitriny, izaho—izaho—tsy tiako ny—ny hilaza zavatra izay tsy marina. Izaho—izaho—te-hilaza an'izay marina aho, hitanareo. Ary nataoko nanodidina an'ilay ankizy kely ny sandriko, ary ny tânako teo ambonin'ilay trafo goavana. Ary tsapako toy ny hoe niala io trafo io fa ny tânako no niditra.

¹⁸⁰ Noho izany, rehefa nijanona tsy nivavaka aho, dia nijery azy. Nanjelanjelatra ireo masony antitra kely. Hoy aho hoe, “Tsapanao ve izany?”

Hoy izy hoe, “Eny, tompoko, tsapako.”

¹⁸¹ Dia nijery manodidina aho, tsy nisy trafo teo. Hoy aho hoe, “Atsangano ny tãnanao.” Dia lasa izy, ara-dalàna tanteraka mihitsy, teo anatrehan’ny mpanatrika mihitsy tany.

¹⁸² Ary, oh, izany fotsiny dia... Oh, tsy fantatro hoe zavatra lehibe firy no nataon’ny Tompontsika, isan-kariva, tamin’ireo marenina, moana, jamba.

¹⁸³ Ary fantatrareo ilay zazavavy kely izay noteneniko taminareo, tany Alemaina, izay nanana an’ily... Fantatrareo ve hoe ahoana no niakarany teo amin’ny lampihazo, izay nanao an’ireo kominista... nanala an’ireo lain-tsambo... ny rivotra niala tamin’ny lain-tsambon’izy ireo? Niverina tanteraka io tantara io. Tonga ny zazavavy kely iray, nanana randrana lava, tarehy kely ketraka; jamba, nitarika azy niakatra izy ireo. Dia hoy aho hoe, “Mitovy amin’ily zazavavy kely Alemandy izy; maso kely fotsy.” Hoy aho hoe, “Tahaka an’ily zazavavy kely Alemandy izay tany Alemaina izy.” Hoy aho hoe, “Firy ato no efa mba namaky na nandre teo amin’ireo horonam-peo, sy ny sisa.” Ary, oh, tãnana an-jatony sy an-jatony. Hoy aho hoe, “Tahaka ny zazavavy Alemandy kely iray fotsiny.” Dia hoy aho hoe, “Ianao ve no rainy?”

Hoy izy hoe, “Eny, tompoko.”

Hoy aho hoe, “Inona ny zòm-pireneny?”

¹⁸⁴ Hoy izy, “Alemandy aho.” Hoy izy, “Izahay dia—Alemandy izahay.” Izy sy ny vadiny, izy roa.

¹⁸⁵ Eny, ilay zazavavy Alemandy kely, marina tokoa, ireo randrana kely mihantona ao an-damosiny tahaka an’izao. “Oh,” nieritreritra aho hoe, “Tompo, raha hanao an’ily izy fotsiny indray Ianao!” Hitanareo? Ankehitriny dia inona izany? Nieritreritra aho hoe, “Ankehitriny, izaho, raha vitako, dia omeo ahy fotsiny io finoana io mba hahafantatra fa ho tahaka an’izany ilay izy, afaka miteny an’ily izy aho, ary mino aho fa hitranga izany.” Fa, voalohany, dia tsy maintsy mitranga *eto* aloha ilay izy. Hitanareo?

¹⁸⁶ Noho izany dia azoko ilay izy, niaraka tamin’ny fangorahana rehetra izay vitako niaraka tamin’ily zavatra kely, ary nentiko nanatona tahaka an’izao izy. Dia hoy aho hoe, “Afaka mahita zavatra iray ve ianao?”

“Tsia, tompoko.”

¹⁸⁷ Hoy izy, “Tsy nahita izy.” Oh, tsy mihevitra aho fa izy... Angamba tsy nahita mihitsy izy. Tsy fantatro marina hoe hatramin’ny oviana no tsy nahitany; ary angamba tsy nahita

mihitsy. Ireo maso keliny, dia tahaka ny baolina kely fotsy fotsiny eo ambonin'izy ireo, tahaka an'izany.

¹⁸⁸ Ary noho izany dia nohazoniko tahaka an'izao ilay zavatra kely, dia nivavaka ho azy aho. Ary nitsiky izy rehefa navotsotro. Hoy aho hoe, “Mahita ve ianao, malala?”

¹⁸⁹ Hoy izy, “Eny, tompoko.” Dia nanomboka nitsiky izy, ireo ranomaso kely nikoriana teo amin'ny takolaka keliny. Zavatra kely iray fotsiny, saiky tahaka an'izao.

Hoy aho hoe, “Mahita marina tokoa ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Eny, tompoko.”

¹⁹⁰ Hoy aho hoe, “Ankehitriny dia avia eto amin'izay misy ahy, ary apetraho eo amin'ny oroko ny rantsan-tànanao.” Ary indro izy tonga, nitsiky tahaka an'izao, ary nanatona ka nametraka ny rantsan-tànany teo amin'ny oroko.

Hoy aho hoe, “Rantsan-tànana firy no natsangako?”

¹⁹¹ Hoy izy hoe, “Manana dimy ianao.” Ary toy ny hoe ho torana mihitsy ny rainy.

Hoy aho hoe, “Inona no nolazainao, malala? Rantsan-tànana firy?”

¹⁹² Hoy izy hoe, “Anankiray ihany no anananao ankehitriny.” Ary teo izy, jamba tanteraka, nahazo ny fahitany.

Oh, mahafinaritra Izy! Izany dia—saiky tsy azo inoana izany.

¹⁹³ Fa, ry sakaiza, mety hiverina aho rahariva. Raha tsy izany aho, dia angamba amin'ny Alahady heriny. Aza adino ny fivoriantika any Indianapolis, izay manomboka ankehitriny.

¹⁹⁴ Jereo, manana zavatra iray izay tiako tenenina amin'ny fiangonana aho. Hafatra iray mikasika an'ireo fotoana izany. Eo amin'ny farany isika, ry havana. Jereo, jereo ireo rivo-doza sy ireo tadio ireo. Tsy mbola re mihitsy. Jereo ireo horohorontany, ny zavatra rehetra, ny firenena rehetra. Ary, rahalahy, miresaka mikasika an'io fandaharan'ny fanesorana fitaovam-piadiana io izy ireo. Izany marina tokoa no ilain'ny devoly. Mampivangongo azy ireo eto fotsiny, mba ahafahantsika hanapoaka an'ilay zavatra manontolo. Izany marina tokoa no ilainy. Hitanareo? Oh, miaina eo an-tampon'ilay barikam-banja isika, ary eo amin'ny farany ilay lahany.

¹⁹⁵ Izay noresahako, izao maraina izao, *Fiainana*, oh, tadiavo amin'ny fonareo rehetra izany. Izaho tsy afaka . . .

¹⁹⁶ Raha miteny zavatra be loatra amin'ny olona ianareo, dia lasa mikorontana tanteraka izy ireo ka tsy fantatr'izy ireo izay lazainareo amin'izay fotoana izay, hitanareo. Izany dia . . . Tsy afaka miresaka amin'ny olona ianareo . . . Zavatra anankiray fotsiny amin'ny fotoana iray, no fomba tsara indrindra hahazoana azy. Ary izaho tsy manana fotsiny . . . Angamba fivoriana anankiray, matetitetika, miaraka aminareo,

ka tsy afaka miteny aminareo arak'izay tiako tenenina aho, hitanareo. Ary lasa misafotofoto tanteraka ianareo rehefa manomboka miteny zavatra maro loatra aminareo aho.

¹⁹⁷ Fa ity zavatra anankiray ity no tsarovy, izao maraina izao, mitadiava Fiaianana. Oh, araho Izany. Mangetahetaha an'Izany. Manohiza fotsiny mitady an'Izany. Aza mamela na inona na inona hitsangana eo amin'ny lalanareo. Tadiavo Izany.

Ary mandra-panaontsika an'izany, raha miala isika, dia inona no tsy maintsy ataontsika?

Raiso eo amintsika ny Anaran'i Jesosy,
Miankohoka eo an-Tongony,
Hosalorantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any An-
danitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika.

Eny àry, mitsangàna.


Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome anao fifaliana sy fiononana Izany,

¹⁹⁸ Ho teneniko aminareo hoe inona no ndeha ataontsika. Mitodiha avy hatrany ka raiso ny tànan'ny olona iray eo, manao hoe, "Manao ahoana ianao, rahalahy? Azoko antoka fa faly aho mifankahalala aminao."

Anarana sarobidy, (O tena mamy)!
. . .sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, (Anarana sarobidy!) O tena
mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifaliana . . .

¹⁹⁹ Ankehitriny dia mijere mankaty indray. Faly isika ny manana miaraka amintsika izao maraina izao, Rahalahy George Craig avy any Arizona, iray amin'ireo rahalahintsika. Faly isika manana an-dRahalahy Whitney eto, avy any St. Louis. Ho any amin'i Rahalahy Cauble izy izao hariva izao, ao amin'ny fampianaran'ny faminiana, avy eo amin'ny tabilao, ao amin'ny fiangonan-dRahalahy Cauble. Ary—ary avy eo dia ery aoriana ery Rahalahy Junior Jackson, ary koa Rahalahy—Rahalahy Collins, sy Rahalahy John O'Bannon, ary—ary maro amin'ireo mpitoriteny hafa eto. Faly izahay mahita anareo ato ankehitriny.

Amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony,
Hosalorantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any An-
danitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika.
Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, O tena mamy! (O tena mamy!)

Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra. 

57-0602 Fiainana
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-
printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy
misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy
Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy
lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba
nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho
fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny
Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo
raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org